# Mba ho Eglizy miara-dia :

# Fiombonana, fandraisana anjara, ary asa fanirahana

## Soridalana (*Vademecum*) ho an'ny Sinaody momba ny fiarahan-dia

**Soridalana ho an'ny fihainoana sy ny fahaiza-mamantantra ny sitrapon'Andriamanitra eny anivon'ny Eglizy tsirairay:**

**Dingana voalohany (ôktôbra 2021 - aprily 2022) eny anivon'ny diôsezy tsirairay sy ny Fivondronamben'ny eveka rehetra**

**Mankany amin'ny Fihaonam-ben'ny eveka amin'ny Sinaody hatao amin'ny volana ôktôbra 2023**

**Navoakan'ny Sekretera Jeneralin'ny Sinaodin'ny Eveka**

**Via della Conciliazione 34, Vatican City**

**Septambra 2021**

## Vavaka ho an'ny Sinaody: *Adsumus Sancte Spiritus*

Ny *Adsumus Sancte Spiritus,* izay fiantombohan'io vavaka io amin'ny teny latinina izay midika hoe "mijoro eto anoloanao izahay ry Fanahy Masina", no nanombohana ny fivoriana rehetra natao nandritra ny Kônsily Vatikana II. Efa fanao mahazatra ity vavaka nataon'i Md Isidore tao Seville (taona 560 - 4 aprily 636) ity nandritra ny taon-jato maro rehefa misy Kônsily na Sinaody na fivoriana hafa eo anivon'ny Eglizy. Koa amin'ity dingana fiomanana amin'ity Sinaody ity no iantsoantsika ny Fanahy Masina hiasa ao anatintsika ka hahatonga antsika ho fiangonana sy vahoaka feno fahasoavana. Koa amin'ny fiarahan-dia ataontsika manomboka amin'ny 2021 ka hatramin'ny 2023 dia amin'ny endriny tsotra[1] no anomezanay ity vavaka ity anareo mba hahamora sy hahafahan'ny rehetra mampiasa azy amin'ny vavaka ataony.

**Ry Fanahy Masina ô, indreto izahay tafavory eto anoloanao amin'ny anaranao.**

**Miaraka aminao izahay mba hanoro dia anay, Ataovy tonga trano fonenanao ny fonay, Ampianaro anay ny làlana tokony arahina sy ny fomba anarahana azy.**

**Osa sy mpanota izahay**
**Ka aza avela hivoy ny fanakorontanana**
**Aza avela hitarika anay ho any amin'ny làlan-dratsy ny tsy fahalalàna ary ny asanay mba tsy ho any amin'ny fitsitokotokoana.**

**Ataovy mahita ny fiombonana ao aminao izahay, Mba ho afaka hiara-mizotra mankany amin'ny fiainana mandrakizay ary tsy hiala ny làla-marina sy mahitsy.**

**Izany rehetra izany no angatahanay aminao izay miasa amin'ny toerana sy ny fotoana rehetra, miaraka amin'ny Ray sy ny Zanaka, amin'ny taona rehetra mandrakizay.**

**Amen.**

---

[1] Azo jerena any amin'ny tranokalam-pifandraisana natokana ho an'ny Sinaody ny dika manontolo amin'ny vavaka *Adsumus Sancte Spiritus.*

## FIZAHAN-TAKELAKA

*SORIDALANA*

**1. Fampidirana**

1.1. Inona no tanjon'ity Soridalana ity?
1.2. Inona no atao hoe fiarahan-dia? Ireo zava-misy mahakasika ity Sinaody ity?
1.3. Inona ny tanjon'ity Sinaody ity? Ireo zavatra kendrena amin'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody
1.4. Ny lohahevitry ny Sinaody: "Mba ho Eglizy miara-dia: Fiombonana, fandraisana anjara, ary asa fanirahana"
1.5. Ny zava-misy any amin'ny faritra tsirairay

**2. Ireo Torolalana momba ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody**

2.1. Iza avy ireo afaka mandray anjara?
2.2. Ny dingana atao amin'ny fiarahan-dia marina : Fahaiza-mihaino, fahaiza-mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra sy fandraisana anjara
2.3. Toe-tsaina entina miatrika ny fandraisana anjara amin'ny Sinaody
2.4. Fisorohana ny fandrika na olana mety hitranga

**3. Ny fizotry ny Sinaody**

3.1. Eny anivon'ny Diôsezy
3.2. Ny anjara toeran'ireo fivondronamben'ny Eveka sy ny Sinaodin'ireo Eglizy tatsinanana
3.3. Eny anivon'ny Kaontinanta
3.4. Fihaonam-be amin'ny Sinaodin'ny Eveka
3.5. Dingana fampiharana

**4. Fizorana amin'ny lalan'ny Sinaody eny anivon'ny Diôsezy tsirairay**

4.1. Famintinana ny hevitra novolavolaina teny anivon'ny Diôsezy
4.2. Ny anjara toeran'ny Eveka mandritra ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody
4.3. Ny anjara toeran'ny Pretra sy ny Diakra amin'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody
4.4. Ny tondrozotra (ohatra amin'ny dingana arahina eny anivon'ny Diôsezy)
4.5. Ireo zavatra rehetra mandrafitra ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody

**5. Ireo zavatra ilaina handrindrana ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody**

5.1. Fomba entina manatanteraka ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody eny anivon'ny Diôsezy
5.2. Ny lafiny sasany momba ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody
5.3. Ireo fanontaniana manan-danja amin'ny fakan-kevitra

**Teny fisaorana**

**Fanamarihana**: Ity soridalana ity dia natao hampiasaina eny anivon'ny Eglizy katôlika iray manontolo. Noho izany ny teny hoe "Eglizy tsirairay" dia entina hilazana ny Diôsezy ho an'ny Eglizy katôlika, ôrtôdôksa, anglikanina, na izay teny ilàzany azy ho an'ny Eglizy hafa. Hita ato amin'ity soridalana ity ihany koa ny hoe "Fivondronamben'ny Eveka" izay entina ilazana ireo rafitra rehetra misy mikasika ny Sinaody amin'ny Eglizy lehibe isan-tsokajiny avy.

## TOVANA

**(A) Ireo Olona/Ekipa ifandraisana eny anivon'ny Diôsezy**

a. Ny anjara asa sy andraikitry ny olona/Ekipa ifandraisana eny anivon'ny Diôsezy

b. Ny toetra takiana amin'ireo Olona/Ekipa ifandraisana eny anivon'ny Diôsezy

**(B) Torolalana azo andaminana ny fivoriana fakan-kevitra amin'ny Sinaody**

**(D) Fivoriana mialoha ny Sinaody eny anivon'ny Diôsezy**

a. Fampidirana

b. Tanjona kendrena

d. Ireo mpandray anjara

e. Ny fandaharam-potoana sy ny endrika hanatanterahana azy

f. Fahafahana manatanteraka ny Sinaody amin'ny alalan'ny *internet* na fivoriana mivantana (fivoriana amin'ny alalan'ny *internet*)

j. Ny anjara toeran'ny tanora na amin'ny fivoriana mivantana na amin'ny alalan'ny *internet* (fivoriana amin'ny alalan'ny *internet*)

**(E) Fanomanana ny fehin-kevitra eny anivon'ny Diôsezy**

a. Valin-teny manao ahoana no andrasana amin'ny fehin-kevitra eny anivon'ny Diôsezy? Fampitana ireo vokatry ny Sinaody sy ny zavatra samihafa mahakasika izany

b. Fanontaniana mety hanampy amin'ny fandrafetana ny fehin-kevitra eny anivon'ny Diôsezy

d. Fampiharana an'ireo vokatry ny fehin-kevitra teny anivon'ny diôsezy any amin'ny Eglizy isam-paritra

## IREO ZAVATRA REHETRA ILAINA AMIN'NY FIATREHANA NY SINAODY

I. Voambolana samihafa

II. Fanontaniana fanampiny amin'ny fakan-kevitra hanatontosana ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody

III. Fampandraisana anjara ireo vondrona samihafa amin'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody

IV. Toromarika sy torohevitra hanampy amin'ny fihainoana ny feon'ny avy any amin'ny faritra

V. Loharanon-kevitra avy amin'ny Baiboly

VI. Loharanon-kevitra avy amin'ny litorjia

VII. Olona manam-pahaizana manokana momba ireo tahirin-kevitra manan-danja eo amin'ny Eglizy

VIII. Ny hevitry ny teny hoe marimaritra iraisana eo amin'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody

## FANAFOHIZAN-TENY

FA: Kônsily Vatikana II, Foto-pampianarana momba *Ny Fanambaràn'Andriamanitra* na *Dei Verbum*. (18 novambra 1965)

EC: Papa Fransoà, Taratasy apôstôlika *Episcopalis Comunio* ( 15 septambra 2018)

FT: Papa Fransoà, Taratasy ansiklika *Fratelli Tutti [Mpirahalahy avokoa]* (3 ôktôbra 2020)

FAA: Kônsily Vatikana II, Foto-pampianarana ara-pitondràna momba ny *Fiangonana manoloana ny Andro Ankehitriny* na *Gaudium et Spes* (7 desambra 1965)

CTI: Commission Théologique Internationale (2 marsa 2018)

FF: Kônsily Vatican II, Foto-pampianarana momba *Ny Fiangonana Fahazavan'izao tontolo izao* na *Lumen Gentium*. (21 novambra 1964)

TF: Tahirin-kevitra Fiomanana

RM: Joany Paoly II, Taratasy Ansiklika *Redemptoris Missio* (7 desambra 1990)

## 1. Fampidirana

### 1.1. Inona no tanjon'ity Soridalana ity?

Narafitra ho bokikely ity Soridalana ity ho fanampin'ny Tahirin-kevitra Fiomanana izay natao hampiasaintsika amin'ny dingana irosoana amin'ny Sinaody. Mifameno ireo tahirin-kevitra roa ireo ary tsy tokony hosarahina fa atao mifanindran-dalana ny famakiana azy. Ny mampiavaka an'ity Soridalana ity, dia noho izy natao hanampy bebe kokoa ireo Olona/Ekipa ifandraisana eo anivon'ny diôsezy, notendren'ny Evekany hanomana sy hamory ny vahoakan'Andriamanitra mba hahafahan'izy ireo maneho ny heviny manoloana ny zava-misy iainany any amin'ny Eglizy misy azy tsirairay avy. Ity antso avo maneran-tany ho an'ny Katôlika rehetra ity no dingana voalohany amin'ny Fihaonam-be amin'ny Sinaodin'ny Eveka andiany faha XVI izay nomena ny lohahevitra hoe : *"Mba ho Eglizy miara-dia : Fiombonana, fandraisana anjara, ary asa fanirahana."*

Ny hanomezan-danja ny fifampihainoana sy ny fifanakalozan-kevitra eny anivon'ny Eglizy tsirairay, amin'ity Sinaody ity no anaovan'ny Papa Fransoà antso avo ny Eglizy mba hahatsapany indray ny toetra fototra ananany amin'ny maha-Eglizy miara-dia azy. Ka ny fahitana indray ny fiarahan-dia ho toy ny fototra ijoroan'ny Eglizy no hanampy antsika hamantatra amin-kalemem-panahy ny fomba iantsoan'Andriamanitra antsika ho Eglizy amin'izao arivo taona fahatelo izao.

Natao hitari-dalana sy hanampy ny ezaka ataon'ny Eglizy tsirairay ity Soridalana ity fa tsy mirakitra lalàna tsy akory. Koa entanina ireo tompon'andraikitra amin'ny fihainoana ny feon'ny vahoakan'Andriamanitra sy ny fifanakalozan-kevitra isan'ambaratonga mba hijery akaiky ny zava-misy ara-kolontsaina isam-paritra sy ny fari-piainan'ny olona mbamin'ireo olana isan-karazany misy mba hahafahan'izy ireo mijery ny fomba hampiharana ity dingana firosoana amin'ny Sinaody, izay tarihin'ny Eveka tsirairay ity. Manentana anareo izahay mba handray ny torohevitra hitanareo fa hanampy anareo avy amin'ity Soridalana ity, ary torak'izany ihany koa no handraisanareo ny zava-misy any amin'ny toerana misy anareo satria avy amin'ireny no hanombohanareo ny asa. Tokony hijery fomba vaovao sy lalana vaovao ny isam-piangonana sy ny diôsezy mba hanamafisana ny fiaraha-miasa, satria izany no hampamokatra ny fiarahan-dia amin'ny Sinaody. Tsy natao ho enta-mavesatra manoloana ny asa pastôraly ataonareo ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity fa natao hampiroborobo ny fiaraha-mientana sy hanatsarana izany bebe kokoa aza, eny anivon'ny Eglizy tsirairay, satria izany no antoka hampamokatra ny asa fanirahana ankinina aminy.

Betsaka ireo Eglizy no efa manana rafitra fampandraisana andraikitra an'ireo kristianina eny anivon'ny paroasy, fikambanana sy diôsezy. Tsapanay tokoa fa maro ireo firenena no efa nanomboka niaina ny Sinaody eny anivon'ny Egliziny tsirairay avy, toy ny nataon'ny Fivondronamben'ny Eglizy any Amerika atsimo sy Karaïba, ny fivondronamben'ny Mpanolo-tsaina any Australie, sy ny fiarahan-dia nataon'ireo Eglizy tany Allemagne sy Irlande. Betsaka ihany koa ireo Sinaodin'ny diôsezy efa saika manerana an'izao tontolo izao ; ny diôsezy sasany aza mbola eo am-panatanterahana izany ankehitriny. Antsoina handray anjara mavitrika amin'ity Sinaody iombonan'ny Eglizy maneran-tany ity ihany koa ireny faritra sy diôsezy ireny ka hiaina amin'ny fomba vaovao sy miavaka ny dingana rehetra tanterahina

amin'ity Sinaody ity. Mbola zava-baovao ho an'ny faritra sasany no sady tsy ananany traikefa ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity. Ny tanjona kendrenay amin'ity Soridalana ity dia ny mba hanomezana fitaovana hanampy ny rehetra ka izany indrindra no anomezana anareo zavatra tsara ary azo ampiharina sy ampifanarahana amin'ny zava-misy eny an-dalana satria miara-dia isika. Ho fanampin'ity Soridalana dia ho hitanareo ato ny: a) fankalazana litorjika sy ara-tsoratra masina ary vavaka samihafa hita amin'ny *internet*, b) torohevitra sy fitaovana maro ho entina miasa, d) ohatra avy amin'ny Sinaody farany teo, ary e) voambolana ampiasaina amin'ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity.

Zava-dehibe tokoa raha aompana betsaka amin'ny ara-panahy ny fanatanterahana ity fifampihainoana ity satria izany no hampisy aina kokoa ny fisokafana amin'ny fifampizarana sy ny fifampihainoana. Noho izany indrindra dia entanina ianareo eny anivon'ny Eglizy isam-paritra mba hanorim-paka mandrakariva ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity amin'ny fandinihana ny Soratra Masina, litorjia sy ny vavaka. Koa amin'izany, ny fifampihainoana ataontsika dia mety ho zary fahaizana mamantatra ny tena tian'ny Fanahy Masina hambara. Ho tanteraka tokoa ny famantarana ny sitrapon'Andriamanitra rehefa misy fotoana anaovana fandinihana lalina na koa rehefa manjaka ny fifampitokisana, fiombonam-pinoana ary ny fananana tanjona iraisana.

Ny Tahirin-kevitra Fiomanana dia mampahatsiahy antsika ny zava-misy amin'izao fotoana anaovana ny Sinaody izao - ny valan'aretina maneran-tany, ny ady etsy sy eroa, ny voka-dratsy ateraky ny fiovaovan'ny toetr'andro, ny fisian'ireo mpitsoa-ponenana, ny tsy fahamarinana miseho amin'ny endriny maro samihafa, ny fanavakavaham-bolon-koditra, ny herisetra, ny fifanenjehana, ny fitomboan'ny tsy fitovian-tsaranga eo amin'ny olombelona, sy ny maro tsy ho voatanisa. Mandalo fotoan-tsarotra ihany koa ny eny anivon'ny Eglizy noho ny fijaliana mianjady amin'ny zaza tsy ampy taona sy ireo olona marefo "iharan'ny herisetra ara-nofo sy ny fanararaotam-pahefana ataon'ireo pretra sy olom-boatokana sasany"[2]. Manoloana ireo tranga rehetra ireo indrindra no ahatsapana fa mandalo fotoan-tsarotra ny fiainan'ny Eglizy maneran-tany. Nasehon'ny valan'aretina COVID-19 miharihary ny tsy fitovian-tsaranga sy ny elanelana misy eo amintsika olombelona. Eo anatrehan'izany anefa, ity olana goavana iombonana diavintsika ity dia mamelona ao anatintsika indray ny fahatsapana fa ao anaty sambo iray avokoa isika rehetra, ka "mahakasika ny rehetra ny olana mianjady amin'ny tsirairay" (*FT,* 32). Mazava ho azy fa hisy fiantraikany mivantana amin'ny fizotran'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity valan'aretina COVID-19 ity, izay miteraka fanamby lehibe ho antsika, kanefa mitarika antsika ihany koa hitady fomba hampiroboroboana sy hamelombelomana ny Eglizy amin'izao fotoan-tsarotra diavin'ny taranak'olombelona izao, indrindra ho an'ireo Eglizy maro izay mitady lalana hirosoana lalindalina kokoa hatrany.

Eo anivon'izao toe-java-misy izao indrindra no anehoan'ny Eglizy ny fiarahan-dia, hahafahany mihavao amin'ny alalan'ny Fanahy Masina sy ny fihainoana miaraka izay tian'Andriamanitra hambara amin'ny vahoakany. Na izany aza anefa, dia tsy natao hampiombona antsika misimisy kokoa amin'ny maha-vahoakan'Andriamanitra antsika fotsiny ihany ity fiarahan-dia ity, fa natao hanampy antsika ihany koa hiaina ny asa fanirahana

---

[2] Papa Fransoà, *Lettre au Peuple de Dieu* [*Taratasy ho an'ny vahoakan'Andriamanitra*] (20 aogositra 2018)

amin'ny maha-mpaminany sy vavolombelona eny anivon'ny olombelona rehetra tsy ankanavaka, na amintsika samy kristianina izany na amin'ireo hafa finoana.

### 1.2. Inona no atao hoe fiarahan-dia? Ireo zava-misy mahakasika ity Sinaody ity

Antsoin'ny Papa Fransoà amin'ny alalan'ity Sinaody ity ny Eglizy manontolo mba handinika lohahevitra iray lehibe mahakasika ny fiainany sy ny asa fanirahana nankinina aminy: "ity lalana mankany amin'ny fiarahan-dia ity mihitsy no andrasan'Andriamanitra amin'ny Eglizy amin'ity arivo taona fahatelo ity"[3]. Eo am-panohizana ny fihavaozan'ny Eglizy taorian'ny Kônsily Vatikana II no ahitana fa ity fiarahan-dia ity dia sady fanomezana no adidy hotanterahina. Tsy zava-baovao ity fiaraha-midinika sy fiarahan-dia ity, ka ho hain'ireo kristianina isan'ambaratongany ny hifampizara sy handray lesona avy amin'ny hevitra sy traikefa niainany, araka ny itarihan'ny Fanahy Masina azy (jer. *TF*, 1). Ho haintsika ny mamantatra ireo dingana rehetra hatao hitadiavana ny sitrapon'Andriamanitra sy hizorantsika amin'ny lalana nosoritany ho antsika - ho amin'ny fiombonana lalina hatrany, fandraisana anjara feno, ary fisokafana bebe kokoa hahafahana manatanteraka ny iraka ampanaovina antsika eo anivon'izao tontolo izao, rehefa hazavain'ny Tenin'Andriamanitra sy miombona amin'ny fivavahana isika. Toy izao no anazavan'ny CTI (*Vaomiera Iraisam-pirenena momba ny Teôlôjia)* ny momba izany:

> Ny "Sinaody" dia teny nolalain'ny Eglizy sy fampiasany hatrany am-piandohana ka ny heviny dia notsoahina avy amin'ny lohahevitra lalina ao amin'ny Fanambarana {…} izay manambara ny lalana izoran'ny vahoakan'Andriamanitra miaraka. Teny entina ilazana an'i Jesoa Tompo ihany koa io izay nilaza ny tenany ho "lalana, sy fahamarinana ary fiainana" (*Jo* 14,6), ka izany no ilazana ny kristianina, mpanara-dia azy tany am-boalohany ho "mpanaraka ny lalana" (jer. *Asa* 9,2; 19,9.23; 22,4; 24,14.22).
>
> Voalohany indrindra, ny fiarahan-dia dia manambara fomba iray miavaka mamaritra ny fiainana sy ny asa fanirahana ao amin'ny Eglizy, ka maneho ny toetra maha-vahoakan'Andriamanitra miara-dia sy miara-mikaon-doha, nantsoin'i Jesoa Tompo tamin'ny herin'ny Fanahy Masina ka hitory ny Evanjely. Tokony ho hita taratra amin'ny fomba fiasa sy ny fiainan'ny Eglizy andavanandro ny fiarahan-dia.

Amin'izany, ny fiarahan-dia no hahatonga ny vahoakan'Andriamanitra hiara-dalana, hihaino ny Fanahy Masina sy ny Tenin'Andriamanitra, ka handray anjara amin'ny asa fanirahana ataon'ny Eglizy amin'ny alalan'ny fiombonana naorin'i Kristy eo amintsika. Ary farany, ity fiarahan-dalana ity no tena fomba tsara indrindra anehoana sy ampiharana ny toetran'ny Eglizy amin'ny maha-vahoakan'Andriamanitra, mpivahiny sy misiônera azy (jer. *TF,* 1).

Mitovy ny fahamendrehana sy ny antso miantefa amin'ny vahoakan'Andriamanitra tsirairay avy noho ny Batemy noraisiny. Voaantso ho mpandray anjara mavitrika amin'ny fiainan'ny Eglizy isika rehetra noho ny batemy noraisintsika. Eny anivon'ny paroasy, sy ny ankohonana fototra any amin'ny faritra, fikambanana lahika, ankohonan-drelijiozy, sy izay mety ho

---

[3] Papa Fransoà, *Discours pour la Commémoration du 50ème anniversaire de l'Institution du Synode des Évêques* [*Lahateny tamin'ny fankalazana ny fahatsiarovana ny faha 50 taonan'ny nananganana ny Sinaodin'ny Eveka*] (17 ôktôbra 2015).

endrika fikambanana maneho fiombonana, lehilahy sy vehivavy, ny tanora sy ny zokiolona, dia nantsoina hifampihaino isika rehetra mba hahafahantsika mandre ny bitsiky ny Fanahy Masina izay mitarika ny ezaka ataon'ny olombelona ary mitondra aina sy hery mamelona ny Eglizy ka mampiombona antsika lalindalina kokoa hahafahantsika manatanteraka ny asa fanirahana eo anivon'izao tontolo izao. Koa amin'izao fidiran'ny Eglizy amin'ny fiarahan-dia izao dia tokony hiezaka isika hanome lanja manokana ny tena fifampihainoana sy ny fiezahana mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra, mba hahatonga antsika ho Eglizy araka ny irin'Andriamanitra sy iantsoany  antsika.

### 1.3. Inona ny tanjon'ity Sinaody ity? Ireo zavatra kendrena amin'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody

Fantatry ny Eglizy tsara fa anisan'ny toetra ahafantarana sy mamaritra azy ny fiarahan-dia. Ka maneho ny maha-Eglizy miara-dia azy ny firaisam-pinoana, ny Sinaodin'ny Eveka, ny Sinaodin'ny diôsezy ary ny filan-kevitra eny anivon'ny diôsezy sy ny paroasy. Betsaka ny fomba anehoantsika ity "fiarahan-dia" ity eny anivon'ny Eglizy. Na izany aza anefa dia tsy mijanona fotsiny amin'ireny ny maha-Eglizy miara-dia azy. Tsy hetsika fotsiny na filamatra sy fomba ivelany na lalana anatanterahan'ny Eglizy ny asa fanirahana eo amin'izao tontolo izao ny fiarahan-dia. Mitaky fiaraha-mientana sy fiarahan-dian'ny vahoakan'Andriamanitra manontolo ny asa fanirahana nankinina amin'ny Eglizy, ka samy mandray ny anjara tandrify azy ny tsirairay amin'izany no sady miray hina tanteraka. Miara-mandroso sy miombona mba hanatratrarana ny asa fanirahana iombonana ny "Eglizy miara-dia" ka samy mandray anjara amin'izany ny tsirairay. Tsy fanomezana traikefa mandalo na maharitra amin'ny fiarahan-dia no tanjona kendrena amin'ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity, fa mba hahafahan'ny vahoakan'Andriamanitra manontolo miara-mijery ny lalana hizorana hampanjakana ny "Eglizy miara-dia" maharitra.

Vokatra iray avy amin'ny Kônsily Vatikana II ny fametrahana ny Sinaodin'ny Eveka. Hatrizay ka hatramin'izao dia fivoriam-ben'ny Eveka, miaraka amin'ny Papa sy eo ambany fahefany no atao amin'ny Sinaodin'ny Eveka, ary tsapan'ny Eglizy miandalana fa ny fiarahan-dia no lalana tsara ho an'ny vahoakan'Andriamanitra manontolo. Noho izany, ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody dia tsy fivoriam-ben'ny eveka fotsiny ihany fa lalana misokatra ho an'ny mpino rehetra izay andraisan'ny Eglizy tsirairay anjara feno. Nohamafisin'ny Kônsily Vatikana II fa ny vita batemy rehetra, na pretra na lahika, dia samy voaantso handray anjara amin'ny asa famonjena ataon'ny Eglizy avokoa (*FF*, 32-33). Nandray ny Fanahy Masina tamin'ny batemy sy ny fankaherezana ny mpino ka nahazo ireo fanomezan'ny Fanahy Masina sy fanomezam-pahasoavana maro hahafahana mihavao sy mampijoro ny Eglizy, amin'ny maha-rantsambatan'ny Kristy azy. Noho izany ny fahefana hampianatra ny finoana ananan'ny Papa sy ny Eveka dia atao amim-pifanakalozan-kevitra amin'ny *Sensus fidelium na fahatsapam-pinoan'ny mpino,* ny feon'ny vahoakan'Andriamanitra (jer. *Sensus Fidei dans la vie de l'Eglise* [Fahatsapam-pinoana ao amin'ny fiainan'ny Eglizy], 74). Ity lalana mizotra amin'ny fiarahan-dia ity, dia mikendry ny handraisana fanapahan-kevitra pastôraly mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra araka izay azo atao ; fanapahan-kevitra mifototra amin'ny feon'ny vahoakan'Andriamanitra (CTI, *Syn*., 68). Voalaza ihany koa fa ny fiaraha-mientan'ireo teôlôjianina -lahika, pretra, sy relijiozy - dia mety ho fitaovana tena ilaina hampazava tsara ny

feon'ny vahoakan'Andriamanitra izay manambara ny tena zava-misy marina mikasika ny finoana eo amin'ny fiainana andavanandro.

Ireo Sinaody farany natao dia niresaka momba ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly amin'ny endriny vaovao, ny fianakaviana, ny tanora sy i Amazônia, fa ity Sinaody ity kosa indray dia hifantoka amin'ny lohahevitra mikasika ny fiarahan-dia.

Fanontaniana iray lehibe no iompanan'ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ataontsika ity: ***Ahoana no hahatanterahan'izany "miara-dia" izany eny amin'ireo ambaratonga maro samihafa (manomboka amin'ny Eglizy tsirairay ka hatrany amin'ny Eglizy maneran-tany), ka hahafahan'ny Eglizy mitory ny Evanjely, ary inona no dingana andrasan'ny Fanahy Masina amintsika hampiroboroboana ny maha- "Eglizy miara-dia"?***(*TF*, 2)

Hita mazava amin'izany fa ny tanjona kendrena amin'ity Sinaody ity dia ny hihainoana ny vahoakan'Andriamanitra manontolo, sy hahalalany izay tian'ny Fanahy Masina hambara amin'ny Eglizy. Ataontsika miaraka amin'ny fihainoana ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny Soratra Masina sy ny fanarahana ny fomba nifandovan'ny Eglizy izany, ary amin'ny fifampihainoana, indrindra ny fihainoana an'ireo voailika, sy ny fahaizana mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny fiainana. Raha ny marina, dia ny hampiroboroboana ny fahaizana mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra, ny fandraisana anjara, sy ny fiaraha-mientan'ny rehetra no tena tanjona tratrarina amin'ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity, ka hitondran'ny tsirairay ny fanomezana nomen'Andriamanitra azy sy hampivondronana izany eo am-panatanterahan'ny Eglizy ny asa fanirahana nankinina aminy eto amin'izao tontolo izao.

Mazava ho azy araka izany fa tsy ny hamoahana tahirin-kevitra no tanjon'ity Sinaody ity, fa ny hitarihana ny sain'ny olona hampijoro ny Eglizy araka ny tokony ho izy, ka hampivelatra ny fanantenany, hampiroboroboana ny fahatokisana, hanasitranana ny ratram-po maro isan-karazany, hampisy fifandraisana vaovao sy lalindalina kokoa, hahaizan'ny olona mifampianatra, hampijoroana sy hamerenana amin'ny laoniny indray izay simba rehetra, hanazavana fomba fisainana, hamerenana indray ny hafanam-po sy ny herin-tsandrintsika mba hahafahana mifanome tanana amin'ny asa fanirahana iaraha-manana (jer. *TF*, 32). Noho izany, dia tsy ny hakana traikefa fotsiny no tanjona kendrena amin'ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity, fa ho fampiroboroboana ny fiarahan-dalana marina sy fizorana lalindalina hatrany amin'ny fiombonana sy ny asa fanirahana izay niantsoan'Andriamanitra ny Eglizy sy hiainany amin'izao arivo taona fahatelo izao.

Miantso antsika hanavao ny fomba fisainantsika sy ny rafitry ny Eglizy ity fiarahan-dalana ity, ka hahafahantsika miaina ny antso miantefa amin'ny Eglizy eo anivon'ny zava-mitranga isan-karazany ankehitriny eo amin'izao tontolo izao. Hanampy amin'ny fanapahan-kevitra ara-pastôraly horaisina, mba hifanaraka tsara amin'ny sitrapon'Andriamanitra, ny fihainoana ny vahoakan'Andriamanitra iray manontolo (*CTI*, *Syn*. 68). Ny ezaka hotratrarina amin'ny fiainana ity fiaraha-dian'ny Eglizy ity dia ny hisian'ny fifampiresahana eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona (*FA*, 2) sy ny hizorana miaraka mankany amin'ny fanjakan'Andriamanitra (jer. *FF*, 9; *RM*, 20). Izany hoe raha fintinina dia mikatsaka ny

hampijoroana Eglizy miroborobo kokoa, amin'ny fampanjakana ny fahatongavan'ny fanjakan'ny lanitra ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity.

### 1.4. Ny lohahevitry ny Sinaody: *Mba ho Eglizy miara-dia: Fiombonana, fandraisana anjara, ary asa fanirahana*

Nambaran'ny papa Fransoà nandritra ny fankalazana ny fahatsiarovana ny faha-50 taonan'ny nananganana ny Sinaodin'ny Eveka tamin'ny ôktôbra 2015 fa "ity tontolo misy antsika izay anjakan'ny fifanoherana ity dia natao hotiavina sy hokarakaraina ka miandry ny Eglizy izy mba hanamafy ny fiaraha-mientana amin'ireo sehatra maro samihafa amin'ny asa fanirahana ataony". Miantefa amin'ny vahoakan'Andriamanitra rehetra ity antso ho amin'ny fiaraha-misalahy amin'ny asa fanirahana ataon'ny Eglizy ity. Nambaran'ny papa Fransoà mazava tsara tamin'ny antso mivantana ho an'ny vahoakan'Andriamanitra rehetra ny mba handraisany anjara amin'ny ezaka maro ataon'ny Eglizy ho amin'ny fanasitranana: "ny vita batemy tsirairay avy dia tokony hahatsapa fa natao handray anjara amin'ny fihavaozana izay tena ilain'ny fiainan'ny Eglizy sy ny fiaraha-monina izy. Mitaky fibebahana faobe sy ho an'ny tsirairay ity fihavaozana ity ka mitarika antsika hijery ny zava-misy toy ny nataon'ny Tompo". Tamin'ny volana aprily 2021 no niantsoan'ny Papa Fransoà ity fiarahan-dian'ny vahoakan'Andriamanitra manontolo ity izay hatomboka amin'ny ôktôbra 2021 eny anivon'ny Eglizy tsirairay ka ho faranana amin'ny ôktôbra 2023 amin'ny fihaonam-ben'ny Eveka.

### IREO TENY MANAN-DANJA AMIN'NY DINGANA FIOMANANA AMIN'NY SINAODY

Ny lohahevitra amin'ity Sinaody ity dia ny hoe "Mba ho Eglizy miara-dia: Fiombonana, Fandraisana anjara, ary Asa fanirahana". **Fiombonana**, **fandraisana anjara**, ary **asa fanirahana**, ireo no teny telo manan-danja amin'ity lohahevitra ity. Mifamatotra tanteraka ireo lafiny telo ireo satria andry lehibe iankinan'ny Eglizy miara-dia. Tsy misy ambony sy ambany izy ireo fa mifandray sy mifanampy tanteraka. Tadidio hatrany fa mifanaraka tsara no sady misy fifandraisana lalina eo amin'izy ireo.

**Fiombonana** : noho ny fahasoavany sy ny sitrapony dia novorin'Andriamanitra isika amin'ny maha-olona samy hafa antsika kanefa iray finoana noho ny fanekem-pihavanana nataony tamin'ny vahoakany. Miorim-paka amin'ny fitiavana sy ny fiombonan'ny Trinite Masina ity fiombonana asehontsika ity. I Kristy no mampihavana antsika amin'ny Ray sy mampiombona antsika olombelona ao amin'ny Fanahy Masina. Tsilovin'Andriamanitra ny saintsika amin'ny alalan'ny fihainoantsika miaraka ny Teniny sy ireo lova ara-panahy velona navelan'ny Eglizy, izay miorina amin'ny *sensus fidei* na fahatsapam-pinoana ifampizarantsika. Manana anjara toerana ny tsirairay amin'ny fiainana sy ny fiezahana mamantatra ny antson'Andriamanitra miantefa amin'ny vahoakany.

**Fandraisana anjara** : antso miantefa amin'ny vahoakan'Andriamanitra rehetra tsy ankanavaka - lahika, olom-boatokana sy olom-boahosotra - ity fandraisana anjara ity mba hirotsaka an-tsehatra amin'ny fampanjakana fifampihainoana lalina sy amim-panajana. Ity fifampihainoana ity no hanampy antsika hiaraka hihaino ny Fanahy Masina ka hitarika antsika hampijoro ny Eglizy amin'izao arivo taona fahatelo izao. Ny fandraisana anjara dia mifototra amin'ny toetra sy ny antso miantefa amin'ny mpino rehetra izay natao hifanompo amin'ny alalan'ny fanomezana azon'ny tsirairay tamin'ny Fanahy Masina. Ny ankohonana

manontolo ao amin'ny Eglizy miara-dia na dia samihafa aza dia nantsoina malalaka haneho fiombonana sy *hivavaka, hihaino, hamakafaka, hifanakalo hevitra, hamantatra sy hanoro hevitra eo am-pamolavolana ny rafitra ara-pastôraly* mifanaraka bebe kokoa amin'ny sitrapon'Andriamanitra (CTI, *Syn.*, 67-68). Ilàna ezaka matotra ihany koa ny hampandraisana anjara an'ireo izay voailika sy mahatsiaro tena ho natao ankilabao.

**Asa fanirahana**: ny hitory ny evanjely no antom-pisian'ny Eglizy. Tsy afaka manao ny tenantsika ho ivon'ny zava-drehetra isika. Ny asa fanirahana ataontsika dia ny hitory ny fitiavan'Andriamanitra eny anivon'ny fianakaviana rehetra. Miompana be indrindra amin'izany ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity. Natao hanampy ny Eglizy hitory ny Evanjely amin'ny fomba tsara kokoa izy ary indrindra ho an'ireo natao ankilabao amin'ny lafiny ara-panahy, ara-piaraha-monina, ara-toe-karena, ara-pôlitika, ara-jeôgrafia sy ny lafiny maro samihafa eo amin'izao tontolo izao. Izany no mahatonga ny fiarahan-dia ho lalana mahomby kokoa ahafahan'ny Eglizy manatanteraka ny asa fanirahana amin'ny fitoriana ny evanjely eo amin'izao tontolo izao, ka hahatonga azy ho lalivay amin'ny fahatongavan'ny fanjakan'Andriamanitra.

### 1.5. Ny zava-misy any amin'ny faritra tsirairay

Ity dingana voalohany amin'ny fiomanana amin'ny Sinaody ity dia natao hihainoana ny feon'ny vahoakan'Andriamanitra eny anivon'ny Eglizy tsirairay avy. Aorian'ny fankalazana ny fanokafana ity Sinaody ity amin'ny asabotsy faha 9 ôktôbra 2021 any Roma dia hanomboka amin'ny alahady 17 ôktôbra 2021 ny dingana fankalazana eny anivon'ny diôsezy tsirairay. Mba hahamora ny dingana fanombohana ny fizorana amin'ny Sinaody dia nanoratra tamin'ny eveka tsirairay i kardinaly Mario Grech, Sekretera jeneralin'ny Sinaodin'ny Eveka tamin'ny volana mey 2021, mba hanendrena olona na ekipa ifandraisana hitarika ny dingana fihainoana ny feon'ny kristianina eny anivon'ny Eglizy tsirairay. Io olona na ekipa io dia natao hampifandray ny Diôsezy amin'ny paroasy sy amin'ny fivondronamben'ny Eveka. Entanina ny Eglizy tsirairay mba hamaly ara-potoana ireo fanontaniana apetraka aminy ka handefa ny valim-panontaniana rehetra any amin'ny fivondronamben'ny Eveka mba hahafahana manangona ny hevitra rehetra alohan'ny volana aprily 2022, fe-potoana farany napetraka. Izany no hahafahan'ireo fivondronamben'ny Eveka rehetra sy ny Sinaodin'ny Eglizy tatsinanana mandravona sy manome fehin-kevitra ho amin'ny Sinaodin'ny Eveka. Ka izany no haravona handrafetana ireo tahirin-kevitra roa ho entina miasa (fantatra amin'ny hoe *Instrumentum Laboris*). Ary farany dia amin'ny ôktôbra 2023 no hanaovana ny fivoriam-ben'ny Sinaodin'ny Eveka any Roma.

Araka ny voalaza ao amin'ny *Tahirin-kevitra Fiomanana* (lah. 31):

> Ny tanjona amin'ny dingana voalohany amin'ny firosoana amin'ny Sinaody dia ny mba hampivelatra bebe kokoa ny fakan-kevitra hanangonana ny traikefa sarobidy tamin'ireo fiarahan-dia efa nolalovana sy natao, tamin'ny endriny maro samihafa, nandraisan'ireo Mpitondra fivavahana sy Mpino anjara eny anivon'ny Eglizy tsirairay isan'ambaratongany, ka nampiasany ny fomba tsara indrindra sy mifanaraka amin'ny zava-misy any an-toerana : ny fakan-kevitra izay arindran'ny Eveka, dia miantefa amin'ny "Pretra, Diakra sy ny Mpino lahika eny anivon'ny Egliziny avy, na

isambatan'olona izany na amin'ny fikambanana, sy izay mety ho anjara biriky goavana entin'ireo olom-boatokana rehetra na lehilahy na vehivavy" (*EC*, lah.7). Andrandraina manokana ihany koa ny fandraisana anjaran'ireo sampana maro ao amin'ny Eglizy tsirairay, indrindra ny Filan-kevitry ny Pretra sy ny Filan-kevitra Pastôraly, fa miainga avy amin'ireo no « manomboka misy endriny (marina) ny Eglizy miara-dia »[4]. Manandanja torak'izany ihany koa ny fandraisan'ireo sampana sasany anjara ao amin'ny Eglizy sy izay rehetra te handray anjara mivantana amin'ny anarany tenany manokana izay hiantefan'ity Tahirin-kevitra fiomanana ity. Ary farany, zava-dehibe tokoa ny hihainoana ny feon'ny mahantra sy ireo natao ankilabao, fa tsy ny an'ireo manana adidy sy andraikitra ao anatin'ny Eglizy ihany.

Entanina handray anjara amin'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody ny ankohonampiainan-drelijiozy, ny fikambanana lahika, ny fikambanan'ny mpino, na vondrona sasany eny anivon'ny Eglizy tsirairay avy. Na izany aza anefa dia azon'ny rehetra atao ihany koa ny mandray anjara mivantana, na fikambanana na ny isam-batan'olona, ka izay tsy afaka mandray anjara eny anivon'ny Eglizy misy azy dia afaka mandefa izany mivantana any amin'ny foibe misahana ny Sinaody araka ny voalaza ao amin'ny *Episcopalis Communio* (lah. 6 mikasika ny Fakan-kevitra amin'ny vahoakan'Andriamanitra):

> §1. Any amin'ny Eglizy isam-paritra no anangonana ny hevitry ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Sinaodin'ny Eveka ataon'ny Eglizy patriakaly sy any amin'ireo arsidiôsezy lehibe, sy eny anivon'ny Filan-kevitra sy fivoriam-be isan'ambaratongam-pahefana ho an'ireo Eglizy lehibe isan-tsokajiny avy ary ireo fivondronamben'ny Eveka rehetra. Ny Eveka tsirairay no manatanteraka ny fakan-kevitra amin'ny vahoakan'Andriamanitra eny anivon'ny Egliziny tsirairay avy, izay andraisan'ireo sampana maro ao aminy anjara araka ny voalazan'ny lalàna, sy araka izay fomba hafa hitany fa mifanaraka amin'izany. §2. Maka ny hevitr'ireo lehibem-pikambanana izay hitodika sy hanontany ireo mpanolo-tsainy sy ireo mpikambana ao aminy avy ny fivondronamben'ny relijiozy sy ny mpanokan-tena lehilahy sy vehivavy izay avondron'ny CIVCSVA *(Congrégation pour les Instituts de Vie Consacrée et les Sociétés de Vie Apostolique* {sampana misahana ny fiainan'olom-boatokana sy ireo fikambanana miaina ny asa fanirahana}). §3. Toraka izany ihany koa no hataon'ireo Fikambanan'ny mpino maro samihafa mijoro ara-dalàna sy ankatoavin'ny Fiketrahana Masina mba haka ny hevitr'ireo mpikambana ao aminy. §4. Mandray anjara ihany koa ireo tompon'andraikitra misahana ny raharaha rehetra ao Vatikana ka mitondra ny anjara birikiny avy arakaraka ny toerana misy azy sy ny asa sahaniny. §5. Azon'ny foibe misahana ny Sinaodin'ny Eveka atao ny manova ny fomba sasany entina anatanterahana ny fakan-kevitra amin'ny vahoakan'Andriamanitra.

Ny dingana rehetra atao amin'ny fihainoana ny feon'ny vahoaka dia hampifanarahana amin'ny zava-misy isam-paritra. Tsy hitovy ny fomba fandraisana anjara ataon'ireo olona mipetraka an-tanan-dehibe sy ny an'ireo any amin'ny faritra lavitra ny renivohitra sy tsy misy *internet*. Toraka izany ihany koa ireo faritra mbola anjakan'ny COVID-19; izay hitady ny fomba entiny manatanteraka ny fifanakalozan-kevitra sy ny fifampihainoana ka tsy hitovy amin'ireo faritra izay efa tsy dia ahitana an'io valan'aretina io firy intsony. Na sarotra manahoana aza ny zava-misy isam-paritra, dia entanina ireo olona/ekipa ifandraisana eo

[4] Papa Fransoà, *Discours pour la Commémoration du 50ème anniversaire de l'Institution du Synode des Évêques* [*Lahateny tamin'ny fankalazana ny fahatsiarovana ny faha 50 taonan'ny nananganana ny Sinaodin'ny Eveka*] (17 ôktôbra 2015).

anivon'ny diôsezy mba hifantoka bebe kokoa amin'ny **fampandraisana anjara ny olona rehetra tsy ankanavaka araka izay azo atao**, ka hahabetsaka hatrany ny mpandray anjara, ary indrindra ireo ***izay voailika sy mazàna atao ankilabao ary hadinon'ny olona***. Ny fampirisihana ny olona handray anjara mavitrika no ahafahana milaza fa maneho marina ny zava-misy iainan'ny vahoakan'Andriamanitra ny hevitra naravona eny anivon'ny diôsezy, fivondronamben'ny Eveka ary ny Eglizy manontolo. Koa satria fototra iorenan'ny Sinaody no sady mbola zava-baovao ho an'ny ankamaroan'ny olona ity firotsahan'ny vahoakan'Andriamanitra an-tsehatra ity, dia ilaina tokoa noho izany ny fanatanterahana ny fihainoana ny feony eny anivon'ny faritra tsirairay ka hitarihana azy hatrany hifantoka amin'ny lohahevitra izorantsika amin'ity Sinaody ity : fiombonana, fandraisana anjara ary asa fanirahana. Betsaka ihany koa ireo zavatra hazavain'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody eny anivon'ny faritra tsirairay :

- **Mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra** amin'ny alalan'ny fihainoana ny feony, fisokafana sy fanekena ny fanilovan'ny Fanahy Masina.
- **Misokatra ho an'ny rehetra**, mba hahafahany mandray anjara, ka tsy anavahana toerana, fiteny, fari-pahaizana, saranga, toe-batana tomady/kilemaina, harena.
- **Mamantatra ny kolontsain'ny hafa** mba hahafahana miara-mientana sy maneho fiombonana ao anatin'ny fahasamihafana.
- **Mampandray anjara ny rehetra tsy misy avakavaka** ka miezaka mampiditra ireo mihevitra ny tenany ho voailika sy natao ankilabao.
- **Fiaraha-miasa** izay mifototra amin'ny fomban'ny Eglizy mahay mifarimbona amin'ny zavatra atao rehetra.
- **Fanajana** ny zo sy ny hasina ary ny hevitry ny mpandray anjara tsirairay.
- **Fandravonan-kevitra marina sy tsy mivaona** amin'ny hevitra rehetra mifono tsikera sy fankasitrahana nivoitra tamin'ireo valim-panontaniana napetraka, no sady andraisana ihany koa ny hevitry ny vitsy an'isa.
- **Mangarahara** izay antoka ilazana fa mazava no sady navoaka ho fantatry ny rehetra avokoa ny dingana narahina rehetra tamin'ny fiantsoana ny Sinaody, ny fandraisana anjara sy ny fampandraisana anjara ny rehetra, mbamin'ny fanangonan-kevitra.
- **Tsy fitongilanana** ka ahafahana milaza fa mitovy ny fomba nandraisana ny olona tsirairay teo amim-pihainoana azy mba ho voaray avokoa ny feon'ny olona rehetra.

Entanina ireo Olona Ifandraisana eny anivon'ny diôsezy mba hahay hisintona ireo zava-tsoa sarobidy sy traikefa niainan'ny Eglizy teny amin'ny faritra misy azy avy. Manampy betsaka tokoa ny anarahana hatrany ireo torolalana momba ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody, mandritra ny dingana eny anivon'ny diôsezy sy ny itadiavana fomba mahomby kokoa mandritra ny fifampiresahana mba hahamora ny fandravonana sy ny fandrafetana ny tahirin-kevitra entina miasa (*Instrumentum Laboris*). Ny tanjona dia ny mba hahaizana mihaino ny feon'ny Fanahy Masina izay miteny amintsika amin'ny alalan'ny Vahoakan'Andriamanitra.

## 2. Ireo Torolalana momba ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody

### 2.1. Iza avy ireo afaka mandray anjara?

Hitantsika ao amin'ny Evanjely fa nandeha hatraiza hatraiza i Jesoa nanatona ny olona. Tsy olona iray no novonjeny fa ireo vahoaka betsaka tonga nivory teo aminy, toy ny Mpiandry ondry tokana ho an'ny andian'ondry iray manontolo izy (jer. *Jo* 10, 16). Asehon'ny asa

fanirahana nataon'i Jesoa fa tsy misy olona voailika tsy hahazo ny famonjena avy amin'Andriamanitra.

Tsy azo sarahina amin'ny fifikirana mandrakariva amin'i Jesoa sy ny fitodihana amin'ny vahoaka ny fitoriana ny Evanjely sy ny hafatra mifono famonjena. *Vahoaka* no ilazan'ny Evanjely ireo olona rehetra nanaraka azy teny an-dalana sy ireo olona nantsoiny hanaraka azy. Azavain'ny kônsily Vatikana II bebe kokoa izany manao hoe "*ny olombelona rehetra dia nantsoina ho vahoakan'Andriamanitra*" (*FF*, 13). Miasa amin'ny olombelona rehetra nangoniny tokoa Andriamanitra. Izany no mahatonga ny hoe "*ny fitambaram-ben'ny mpino, izay voahosotr'ilay Masina dia tsy mety ho diso; ary izany satany manokana izany dia asehony amin'ny alalan'ny fahiratan'ny finoana eo amin'ny vahoaka manontolo, rahefa ahariharin y ny firaisany saina iombonambe mikasika ny finoana sy ny fitsipi-pitondran-tena, manomboka amin'ireo Eveka, ka hatramin'ny kristianina lahika farany indrindra*" (*FF*, 12). Nohazavain'ny Kônsily taty aoriana fa ny Fanahy Masina sy ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny vahoaka no mitarika azy hamantatra ny sitrapon'Andriamanitra ka ahafahany mamaky sy mivaofy ireo famantarana maro eo amin'ny fiainany sy amin'ny fanarahany ireo fampianaran'ny Eglizy.

Araka izany, dia ny hakàna ny hevitry ny vahoakan'Andriamanitra no tanjona kendrena amin'ny dingana atao eny anivon'ny diôsezy mba hanatanterahana ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody amin'ny fihainoana ny feon'ny **vita batemy rehetra**. Ny mba handraisan'ny kristianina rehetra anjara amin'ity dingana fiomanana ity no niantsoan'ny papa Fransoà an'ity Sinaody ity ary atomboka eny anivon'ny diôsezy. Tsy tokony hohadinoin'ny diôsezy na oviana na oviana fa ny vita batemy rehetra no tena ifantohana amin'ny dingana rehetra atao amin'ity Sinaody ity. Tadiavina àry ny fomba manokana ahafahahan'ireo sokajin'olona mety ho voailika mandray anjara : vehivavy, olona manana fahasembanana, mpitsoa-ponenana, mpifindra monina, zokiolona, mahantra sy fadiranovana, ireo Katôlika tsy mpivavaka, sns. Tokony hatao ihany koa izay hahitàna fomba hafa handraisan'ny tanora sy ny ankizy anjara.

Ny vita batemy rehetra miaraka, no voakasiky ny *sensus fidelium na ny fahatsapam-pinoan'ny vahoakan'Andriamanitra miaraka*, ny feon'ny vahoakan'Andriamanitra hita maso. Manoloana izany ihany koa, dia zava-dehibe ho an'ny kristianina ny mihaino ny feon'ireo hafa finoana any amin'ny toerana misy azy, eny fa na dia ireo efa nivadi-pinoana, ireo tsy kristianina, sy tsy manana finoana mazava sns, mba ho tanteraka tokoa ny fitadiavana ny sitrapon'Andriamanitra. Hoy indrindra ny Kônsily : "*ny hafaliana sy ny fanantenana, ny fahoriana sy ahiahy manjò ny olombelona amin'izao fotoana izao, indrindra ireo mahantra sy mijaly amin'ny lafiny maro, dia zary ho hafaliana sy fanantenana, fahoriana sy tebitebin'ny mpanara-dia an'i Kristy, fa na inona na inona mahazo ny olombelona dia mahazo azy koa.*" (*FAA*, 1).

Koa satria ny **vita batemy rehetra** no voaantso manokana handray anjara amin'ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity, noho izany dia **tsy misy olona tokony ho voailika** - na inona na inona antony - fa afaka maneho ny heviny sy mizara ny traikefa niainany avokoa ny rehetra raha toa ka hita fa hanampy ny Eglizy amin'izao fizorana amin'ny lalan'ny Sinaody, hitadiavana ny fahamarinana sy ny tsara izao no hizarany izany. Natao indrindra izany ho an'ireo tena marefo na voailika.

### 2.2. Ny dingana atao amin'ny fiarahan-dia marina: Fahaiza-mihaino, fahaiza-mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra sy fandraisana anjara

Tsara ho marihina fa ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody dia dingana *ara-panahy* fa tsy fanangonan-kevitra na koa karazana fivoriana sy adihevitra fotsiny ihany. Ny fifampihainoana atao dia mitarika amin'ny *fahaiza-mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra.* Mitondra antsika hianatra sy hampiasa ny fahaiza-mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra izany na ho an'ny tena samirery, na miaraka amin'ny ankohonana. Mifampihaino isika, no sady mihaino ny finoana noraisintsika, sy ireo famantarana miseho eo amin'ny fiainana mba hahafahantsika mijery izay tian'Andriamanitra hambara amintsika rehetra. Ambaran'ny Papa Fransoà ireo tanjona roa mifandray amin'ity dingana fihainoana ny feon'ny vahoaka ity : "mihaino an'Andriamanitra mba handrenesantsika miaraka aminy ny feon'ny vahoakany mitomany ; ary mihaino ny vahoakany mandra-pahatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika araka izay iantsoany antsika."[5]

Tsy vita indray mandeha ity ezaka hamantarana ny sitrapon'Andriamanitra ity, fa fomba entina miaina, miorina amin'i Kristy, manaraka ny fitarihan'ny Fanahy Masina, miaina sy manao ny zavatra rehetra mba ho voninahitr'Andriamanitra lehibe indrindra. Ny fiaraha-mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra dia manampy amin'ny fampijoroana ankohonana miroborobo sy mahari-pery manoloana ny asa fanirahana ataon'ny Eglizy ankehitriny. Fahasoavana avy amin'Andriamanitra ny fahaiza-mamantatra ny sitrapony, kanefa mila ezaka avy amin'ny olombelona amin'ny fomba tsotra : mivavaka, mandinika, mijery akaiky ny zava-misy ao anaty, mifampihaino sy mifampiresaka marina, amin'ny fomba feno fahamatorana sy fandraisana ny hafa.

Betsaka ireo lalana omen'ny Eglizy antsika amin'ny fahaiza-mandanjalanja ara-panahy. Ny fahaiza-mandanjalanja eo amin'ny lafiny ara-panahy dia ny fahaizana mamantatra ny lalana itarihan'ny hetahetan'ny fo antsika ary tsy manaiky ho voatarika any amin'izay toerana tsy tiantsika haleha velively. Mitaky fandinihana andraisan'ny fo sy ny saina anjara ny fahaiza-mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra, alohan'ny handraisana fanapahan-kevitra mahakasika ny tena fiainantsika ary hitadiavana ka hahitana ny sitrapon'Andriamanitra.

Ny fihainoana ny feon'ny vahoaka no fomba entintsika manatanteraka ity Sinaody ity ary ny hamantatra ny sitrapon'Andriamanitra no tanjona ka ny fandraisana anjara no lalana mitondra amin'izany. Ny fampiroboroboana ny fampandraisana anjara ny hafa dia mitarika antsika hivoaka avy ao amin'ny tontolontsika manokana ka hampitodika antsika amin'ireo olona tsy mitovy fomba fijery amintsika. Tsy mitondra voka-tsoa ny fihainoana ny olona mitovy hevitra aminao. Ny fifanakalozan-kevitra dia mitaky fiaraha-mikaon-doha manoloana ireo hevitra samihafa. Marina tokoa fa amin'ny alalan'ireo olona izay toa voailika matetika, na atao ankilabao, na tsy misy miraharaha no itenenan'Andriamanitra amintsika. Tokony hiezahantsika manokana ny mihaino ireo heverintsika ho tsinontsinona sy ireo izay mety hanova ny fomba fisainantsika noho ny hevitra vaovao arosony.

---

[5] Papa Fransoà, *Discours pour la Commémoration du 50ème anniversaire de l'Institution du Synode des Évêques* [*Lahateny tamin'ny fankalazana ny fahatsiarovana ny faha 50 taonan'ny nananganana ny Sinaodin'ny Eveka*] (17 ôktôbra 2015).

### 2.3. Toe-tsaina entina miatrika ny fandraisana anjara amin'ny Sinaody

Efa imbetsaka ny Papa Fransoà no nizara ny fomba fijeriny mikasika ny tena tokony ho endriky ny fanaovana Sinaody. Ireto tanisaina manaraka ireto no toe-tsaina miavaka hanampy amin'ny fahaiza-mihaino marina sy ny fifanakalozan-kevitra amin'izao dingana fiomanantsika amin'ny Sinaody izao.

- **Mitaky fotoana ifampizarana ny fiarahan-dia** : entanina isika mba tena hanana risi-po ka sahy hiteny ny marina (*parrhesia*) fa izany no hampisy *fahalalahana*, *fahamarinana* sy *fitiavana*. Ny fifanakalozan-kevitra no hanampy ny tsirairay hanana fahalalahan-tsaina.
- **Ny fanetren-tena mihaino ny hafa dia tokony hifanaraka amin'ny fahasahiana miteny** : manana zo hohenoina ny tsirairay, tahaka ny ananan'ny tsirairay zo hiteny. Ny fifanakalozan-kevitra atao amin'ny Sinaody dia miankina amin'ny fahasahiana miteny sy mihaino ; tsy hoe fandresen-dahatra ny hafa no atao, fa fandraisana izay ambarany satria izany no fomba itenenan'ny Fanahy Masina ny tsara ho an'ny rehetra (1 *Kôr* 12,7).
- **Mitarika antsika amin'ny fihavaozana ny fifanakalozan-kevitra** : mila mivonona ny hanova ny hevitsika isika manoloana an'izay zavatra henontsika avy amin'ny hafa.
- **Fisokafana amin'ny fibebahana sy fiovana** : matetika isika no mitompo teny fantatra ka tsy manao na manaraka izay itarihan'ny Fanahy Masina antsika. Entanina isika mba hiala amin'ny toe-tsaina feno fieboeboana sy aingitraingitra izay mitarika antsika handray fanapahan-kevitra miorina fotsiny amin'ny fanao nahazatra.
- **Ny Sinaody dia ezaka ataon'ny Eglizy hamantarana ny sitrapon'Andriamanitra** izay mifototra amin'ny fiekena fa miasa eo amin'izao tontolo izao Andriamanitra ka antsoina hihaino izay ambaran'ny Fanahy Masina amintsika isika.
- **Isika no famantarana maneho ny Eglizy mahay mihaino sy miara-dia** : ny fahaiza-mihaino dia manambara fa manaraka ny ohatra nomen'Andriamanitra ny Eglizy, satria mihaino ny feon'ny vahoakany mitaraina aminy Izy. Mitarika antsika hisokatra amin'ny hafa amin'ny fihainoana azy marina tokoa ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity fa tsy natao hitanisana izay fanao nahazatra, na fitsarana ety ivelany fotsiny ihany.
- **Avelao ny fitsarana ivelany sy ny fanendrikendrehana** : mety hotsaraina amin'ny fahalementsika sy ny fahotantsika isika. Ny dingana voalohany amin'ny fihainoana ny hafa dia ny famelana malalaka ny fo sy ny saintsika tsy ho voatarika amin'ny fitsarana ivelany sy ny fanendrikendrehana izay mitondra antsika amin'ny lalan-diso sy ny tsy fahalalana ary ny fisaratsarahana.
- **Ialao ny loza ateraky ny fanindraindràna diso tafahoatra ny mpitondra fivavahana ka itsabahany na ampitsabahana azy amin'ny sehatra ivelan'ny asany (*cléricalisme*)** : vatan'i Kristy maro sampana amin'ny fanomezam-pahasoavana isan-karazany ny Eglizy ka samy manana ny anjara asany miavaka ny mpino tsirairay. Tsy misy mahavita tena isika fa natao hifampiankina avokoa ary tsy misy ambony sy ambany fa mitovy torosy avokoa ny vahoaka masin'Andriamanitra rehetra. Ny fanompoana no

tena fahefana marina araka ny ohatra nasehon'i Kristy. Ny fiarahan-dia dia manainga ireo mpitondra fivavahana mba hihaino tsara ny feon'ny ondry nankinina aminy, tahaka ny iantsoana ny lahika haneho ny heviny an-kalalahana. Am-pitiavana sy amin'ny fo feno fiombonana ary amin'ny asa fanirahana iaraha-manana no anatanterahana ny fifampihainoana. Koa amin'izany dia miseho amin'ny endriny samihafa ao anatiny sy amin'ny alalan'ny vahoakan'Andriamanitra manontolo ny Fanahy Masina.

- **Sitrano ny areti-mandozan'ny fiheverana fa mahavita tena ianao** : sambo iray no misy antsika rehetra izay mandrafitra ny vatan'i Kristy. Ny fialana amin'ny fiheverana fa mahavita tena no ahafahana mifampianatra, miara-dalana ary mifanompo. Azontsika soloina tetezana ireo rindrina izay toa manohintohina ny fiombonantsika - salan-taona, ny maha-lahy na maha-vavy, harena, talenta, fari-pahaizana, sns.
- **Fandresena ireo firehan-kevitra mety hampisaraka** : tsy maintsy ialantsika ireo zavatra rehetra toa manindrahindra ny firehan-kevitra ka mandray izany ho zava-dehibe noho ny zava-misy mivaingana amin'ny fiainam-pinoana iainan'ny vahoaka andavanandro.
- **Mitondra fanantenana** : Tsy natao hisarihana ny sain'ny olona na hitadiavana dera sy laza ny fanaovana ny marina sy ny hitsiny fa natao hifikirana amin'Andriamanitra sy hanompoana ny vahoakany. Nantsoina hitondra fanantenana isika fa tsy ho mpaminany mpilaza loza.
- **Fotoana hijerena lavitra ny Sinaody no sady "hanokanana fotoana ho an'ny hoavy"** : entanina isika mba hitady fomba hitarihana ny olona eny amin'ny faritra tsirairay, ka tsy anavahana na iza na iza fa samy mitsinjo ny hoavy feno ny hafalian'ny Evanjely. Hanampy an'ireo mpandray anjara ireto toe-po voalaza manaraka ireto (jer. *[Christus Vivit [Velona i Kristy]]*) :
    - **Fomba fijery vaovao** : hampivelarana fomba fiasa vaovao, miaraka amin'ny saina tia karokaroka sy fahasahiana.
    - **Vonona ny handray ny hafa** : Eglizy mahay miara-miasa sy mandray andraikitra, afaka mandray ny harena amin'ny fahasamihafana, sy avy amin'ireo izay toa mazàna hadino sy nodiana tsy hita.
    - **Fahalalahan-tsaina** : ezahintsika ialana ireo zavatra rehetra miendrika firehan-kevitra ary raisina sy ampiasaina kosa ireo fomba fiasa rehetra nahitana voka-tsoa.
    - **Fihainoana ny olona tsirairay** : Ny fahaizana mifampihaino no ahafahantsika maneho ireo endrika samihafa misy ao amin'ny Eglizin'i Kristy araka ny maha-izy azy marina.
    - **Fahazoana ny hevitry ny hoe "fiarahan-dia"** : mba hizorana amin'ny lalana iantsoan'Andriamanitra ny Eglizy amin'izao arivo taona fahatelo izao.
    - **Fahazoana ny hevitry ny hoe Eglizy miara-mandray andraikitra** : mba hampisongadinana sy hampandraisana anjara ny kristianina rantsam-batan'i

Kristy araka ny antso sy ny anjara asany manokana, mba hampijoroana sy hihavaozan'ny Eglizy.

- **Fisokafana amin'ny hafa amin'ny alalan'ny firaisam-pinoana sy fifanakalozan-kevitra amin'ireo tsy kristianina** : mba hananana vinavina miaraka, ka hiarahana mizotra eny anivon'ny olombelona rehetra.

### 2.4. Fisorohana ny fandrika na olana mety hitranga

Rehefa mandeha isika dia tsy maintsy mieritreritra ny olana mety hitranga eny an-dalana izay mety hanakantsakana ny diantsika amin'ity fotoanan'ny Sinaody ity. Hotanisaina etsy ambany ireo olana mety hitranga izay tsy maintsy hosorohina mba ho tontosa soa aman-tsara sy hitondra voka-tsoa ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity.

1) Ny **fakam-panahy handeha sy hanao izay tian'ny tena fa tsy manaiky hotarihin'Andriamanitra**. Tsy toy ny fomba fiasa fanao any amin'ny orinasa ny fiarahan-dia fa dingana ara-panahy tarihin'ny Fanahy Masina. Alaim-panahy isika indraindray hanadino fa mpivahiny sy mpanompo eto amin'ity lalana nosoritan'Andriamanitra ho antsika ity. Ny ezaka kely ataontsika amin'izao fandrindrana sy fanomanana izao dia ho fanompoantsika an'Andriamanitra izay mitari-dalana antsika. Toy ny tanimanga eo am-pelatanan'Andriamanitra mpanefy antsika isika (*Iz* 64,8).

2) Ny **fakam-panahy tsy hijery afa-tsy ny tenantsika sy izay manjò antsika**. Ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody dia fotoana hisokafana amin'ny hafa, hijerena ny manodidina antsika, hijerena ny zava-misy amin'ny lafiny hafa, ary fivoahana avy ao amin'ny tontolon'ny tena samirery mba hanatanterahana ny asa fanirahana amin'ny toerana hafa. Mitarika antsika hieritreritra sy hitsinjo lavitra izany. Mitarika antsika hijery lavidavitra kokoa sy hampisokatra ny saintsika amin'ny Eglizy manontolo ka hametrahantsika fanontaniana toy ny hoe : Inona ny tian'Andriamanitra hatao ho an'ny Eglizy eto an-toerana, amin'izao vaninandro izao? Ahoana no hampijoroantsika ny Eglizy araka ny sitrapon'Andriamanitra eny amin'ny faritra tsirairay?

3) Ny **fakam-panahy tsy hahita afa-tsy ireo "olana" mitranga**. Betsaka tsy tambo isaina ireo zava-manahirana, fahasahiranana, zava-tsarotra manjò an'izao tontolo izao sy ny Eglizy. Ny fijerentsika be loatra an'ireo olana ireo dia mitarika antsika amin'ny fahakiviana sy fahadisoam-panantenana ary fisalasalana. Mety tsy hahita ny mazava isika raha tsy mijery afa-tsy ny haizina fotsiny. Aoka isika hahay hankasitraka ny aina omen'ny Fanahy Masina sy hijery ny fomba hamelantsika an'Andriamanitra hiasa tanteraka fa tsy mifantoka fotsiny amin'ny zavatra tsy mety.

4) Ny **fakam-panahy tsy hijery afa-tsy ny rafitra misy**. Mazava ho azy fa hiantso antsika hanavao ny rafitra misy isan'ambarantonga eo amin'ny Eglizy ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody, mba hampiroboroboana ny fiombonana lalina, fandraisana anjara feno, ary asa fanirahana mahomby. Tsy tokony ho ny fametrahana rafitra no mibahan-toerana sy atao vaindohan-draharaha amin'ny fanaovana Sinaody, fa ny fitadiavana izay fomba enti-miaina ny fiarahan-dia, hahafahana mamantatra miaraka ny lalana

izorana ary manaiky hotsilovin'ny Fanahy Masina. Hihavao sy hiova ireo rafitra ireo raha mahay mibebaka sy mihavao tsy tapaka ny rantsam-batan'i Kristy rehetra.


5) Ny **fakam-panahy tsy hijery afa-tsy izay mahakasika ny Eglizy** : toy ny fiasan'ny lalivay eo amin'ny tontolo misy antsika ny fitoriana ny Evanjely ataon'ny lehilahy sy vehivavy lahika eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody dia fotoana ifanakalozan-kevitra amin'ny olona rehetra tsy ankanavaka sy amin'ny sehatra rehetra ara-toe-karena, pôlitika sy kolontsaina, zava-kanto, fanatanjahan-tena, serasera sy ny tambazotram-pifandraisana. Ary fotoana natao hiresahana momba ny tontolo iainana sy ny fiadanana, ny fiainana amin'ny ankapobeny sy ny fifindra-monina ihany koa. Mila manana an'io fomba fijery mivelatra io isika mba hanatanterahana ny asa fanirahana eo amin'izao tontolo izao. Fomba iray entintsika handalinana ny fifandraisana amin'ireo kristianina tsy katôlika ihany koa izany no sady hanampy antsika hahafantatra bebe kokoa ny momba ny finoana hafa.

6) Ny **fakam-panahy hivaona amin'ny tanjona kendren'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody**. Amin'izao fiarahan-dia ataontsika izao dia mila mitandrina isika mba hanokafana hatrany ny adihevitra araka izay azo atao sy mifanaraka amin'ny tanjona kendrena dia ny hamantatra izay fomba hiarahantsika mandroso amin'ny lalana iantsoan'Andriamanitra antsika. Tsy natao hamahàna ny olana rehetra manjò antsika manko ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody. Ny fiarahan-dia dia toe-tsaina ahafahana miara-mandroso, anehoana fiaraha-mientana sy fisokafana ary handraisana miaraka ireo voka-tsoa avy amin'Andriamanitra rehefa tonga ny fotoana.

7) Ny **fakam-panahy amin'ny fifandirana sy ny fisaratsarahana**. "Mba ho iray anie izy rehetra" (*Jo* 17,21). Io no vavaka lehibe nataon'i Jesoa tamin'ny Rainy, nangatahany fiombonana eo amin'ireo mpianany. Ny Fanahy Masina no mitarika antsika amin'ny fiombonana lalina amin'Andriamanitra sy amintsika samy isika. Tsy mitondra voka-tsoa ny fisaratsarahana. Zava-poana ny fanerenao ny Eglizy manontolo hanaraka ny hevitrao na ny fanaratsiana an'ireo tsy mitovy hevitra aminao.

8) Ny **fakam-panahy hihevitra fa toy ny antenimiera ny Sinaody**. Tsy tahaka ny "ady lahy pôlitika" ny Sinaody, satria manao izay handresena ny hafa ny antoko pôlitika mba hahafahany mandray fahefana. Mifanohitra amin'izany tanteraka ny Sinaody izay tsy mitady ny hanohitra ny hafa na mandrangitra fifandirana izay manohintohina ny firaisana sy ny fiombonan'ny Eglizy.

9) Ny **fakam-panahy tsy hihaino afa-tsy ireo izay efa mandray andraikitra ao amin'ny Eglizy.** Mety ho mora kokoa ny fanatonana azy ireny kanefa raha izany no atao dia betsaka amin'ny vahoakan'Andriamanitra no ho voailika.




(1) *Ireo Sampan-draharaha samihafa ao Vatikàna, Fiainana Voatokana (UISG-USG, UNION DES FEDERATIONS), Fikambanan'ny Lahika maneran-tany, Rafitra misahana ny Fampianarana Ambony.*
(2) *Afrika (SCEAM), Ôseania (FBCO), Azia (TABC), Azia Afovoany (CPCO), Eorôpa (CCEE), Amerika Atsimo (CELAM), Amerika Avaratra (USCCB + CECC)*

**Sary 1.** Ity fanazavana an-tsary ity dia maneho ny dingana fiomanana rehetra amin'ny Sinaody. Navoakan'ny foibe misahana ny Sinaody ny *Tahirin-kevitra Fiomanana* sy ny *Soridalana* mba ho fitaovana ampiasaina eny anivon'ny Eglizy tsirairay amin'ny fanatanterahana ny dingan'ny Sinaody eo anivon'ny diôsezy. Hangonina sy haravon'ny Eglizy tsirairay ny vokatra azo avy amin'ity dingana eny anivon'ny diôsezy ity. Ka ny fivoriamben'ny Eveka sy ny Sinaody ataon'ireo Eglizy tatsinanana no handravona ireny hevitra azo avy amin'ny Eglizy tsirairay ireny. Homena ity *Soridalana* ity sy ireo fanontaniana samihafa (jer. fizarana faha 5) ihany koa ireo sampana sasany amin'ny Eglizy, mba hahafahan'izy ireny maneho ny heviny sy handravonany izany. Tafiditra ao anatin'izany ireo sampan-draharaha maro ao Rôma, ny fivondronamben'ny lehibem-pikambanana maneran-tany (USG sy UISG), ireo fikambanana sy fivondronamben'ny olom-boatokana, fikambanana lahika maneran-tany, ny eny amin'ny anjery manontolo, ireo toerana fiofanana sy fandalinana teôlôjia. Ny foibe misahana ny Sinaody no hamoaka ny andiany voalohany amin'ny *Instrumentum Laboris* (tahirin-kevitra enti-miasa) ka avy amin'ny tsoa-kevitra naravon'ny fivondronamben'ny Eveka, sy ny Sinaody ataon'ny Eglizy tatsinanana, ary ireo sampana maro ao amin'ny Eglizy voalaza ao amin'ny *Episcopalis Communio* (jer. fizarana faha 3.3 eo ambany) no handrafetany

izany. Avy amin'ny tahirin-kevitra novolavolaina eny anivon'ny kaontinanta no handrafetana ny andiany faharoa amin'ny *Instrumentum Laboris* hampiasaina amin'ny fivoriam-ben'ny Sinaodin'ny Eveka amin'ny volana ôktôbra 2023 (Foibe misahana ny Sinaodin'ny Eveka).

### 3.1. Eny anivon'ny Diôsezy

Hiainga avy amin'ny adihevitra eny anivon'ny paroasy, fikambanana lahika, sekoly sy ny anjery manontolo, fikambanan-drelijiozy, ireo ankohonana kristianina mifanolo-bodirindrina, ireo mpanao asa sôsialy, ireo fikambanana iraisam-pinoana sy ny tsy kristianina, ary ireo fikambanana hafa no hanatanterahana ny firosoana amin'ny fihainoana ny feon'ny vahoaka. Ireo Eveka no hitarika ny fanatanterahana izany, ka ny fampitam-baovao sy ny fifandraisana tsy tapaka ataony no ahafahany mandrindra ny fandraisan'anjara eo amin'n diôsezy. Azon'ireo paroasy sy diôsezy, mbamin'ny Filan-kevitra pastôraly tsirairay ampandraisina anjara ireo sampana rehetra mpandrindra ity Sinaody ity, mba hanamora sy hanome aina ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody any amin'ny faritra, ary miezaka manatona ny vahoaka, indrindra ireo izay tsy misy mpihaino matetika. Tsy natao hanomezana asa be loatra ny diôsezy na ny paroasy no tanjona fa hampidirana ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody eo amin'ny fiainan'ny Eglizy tsirairay amin'ny fomba fiasa vaovao izay natao hampiroboroboana ny fiombonana, ny fandraisana anjara feno ary asa fanirahana mahomby.

Amin'ity dingana fihainoana ny feon'ny vahoaka ity dia entanina ny olona mba hivory, hamaly miaraka ireo fanontaniana manitikitika/sary/zava-misy, hifampihaino, hanome valinteny na isam-batan'olona na isaky ny vondrona, handroso hevitra, fanamarihana, ary soso-kevitra. Na izany aza anefa, raha misy tranga tsy ahafahana mifanakalo hevitra mivantana (toy ny tsy fahazoana mivory noho ity valan'aretina maneran-tany ity), dia azo atao ny mamorona vondrona hanaovana izany amin'ny fitaovam-pifandraisana maodernina, na mitady fomba hanaovana izany manokana amin'ny *internet*, vondrona hifanakalozan-kevitra any amin'ny tambazotran-tserasera, antso amin'ny finday, sy ny fomba rehetra azo ampiasaina any amin'ny tranon-kalam-pifandraisana rehetra any, toraka izany koa ny fampiasana taratasy na ny fanontaniana any amin'ny *internet*. Betsaka ireo fomba azo ampiasaina toy ny vavaka samihafa, fandalinana ara-tsoratra masina, hira masina, zava-kanto, tononkalo, sy ny hafa maro tsy voatanisa mba hampivelarana bebe kokoa ny fifanakalozan-kevitra sy ny fandalinana.

Fotoan-dehibe ho an'ny paroasy sy ny diôsezy ity dingana fiomanana ity, hahafahan'izy ireo mihaona, manovo traikefa sy miara-miaina izany fiarahan-dia izany ; izany hoe mitady sy mandalina ireo fomba rehetra sy ny lalana mifanaraka tsara amin'ny zava-misy iainany any an-toerana ka handray izany ho fomba fiasa vaovao eny anivon'ny Eglizy tsirairay amin'ny fizorana mankany amin'ny fiarahan-dia.

Noho izany, dia tsy natao hanovozan-kevitra hanampy ny Eveka amin'ny fivoriam-be hataony any Rôma amin'ny volana ôktôbra 2023 fotsiny ihany ity Sinaody ity fa natao hampiroboroboana sy handalinana ny traikefa sy ny fampiharana ny maha-*mpiara-dia* antsika ankehitriny sy amin'ny hoavy. Betsaka ireo tahirin-kevitra tsara azo ampiasaina avy amin'ny Eglizy sasany izay efa niaina sy manana traikefa momba ity fiarahan-dia ity, singanina amin'izany ny Taridalana ho an'ny fivoriam-ben'ny Eglizy ho an'ny fivondronamben'ny

Eveka any Amerika atsimo sy ny Filan-kevitra maharitra any Australie mbamin'ireo tahirin-kevitra manan-danja hafa. Entanina ianareo hamaky ireo tahirin-kevitra ireo mba hanampy sy hanovozanareo hevitra amin'ny asa ankinina aminareo any amin'ny faritra misy anareo.

### 3.2. Ny anjara toeran'ireo fivondronamben'ny Eveka sy ny Sinaodin'ireo Eglizy tatsinanana

Amin'ny fivoriana handravonan-kevitra eny anivon' ny diôsezy atao mialoha ny Sinaody no handrafetan'ireo fivondronamben'ny Eveka sy ny Sinaodin'ireo Eglizy tatsinanana ny hevitra rehetra nivoitra tamin'ny fanehoan-kevitra voarainy avy amin'ireo diôsezy tsirairay sy ny Eglizy ôrtôdôksa, ka handravonan'izy ireo sy hanehoany ny fandraisan'anjaran'ny Eglizy tsirairay. Entanina ny fivondronamben'ny Eveka sy ny Sinaodin'ireo Eglizy tatsinanana mba samy hiezaka hamantatra ny sitrapon'Andriamanitra ka handravona ireny hevitra rehetra ireny mandritra ny fivoriana hataony avy, mialoha ny Sinaody.

Avy amin'ireny fehin-kevitra ireny no handrafetan'ny foibe misahana ny Sinaodin'ny Eveka ny *Instrumentum Laboris*.

### 3.3. Eny anivon'ny Kaontinanta

Io *Intrumentum Laboris* voalohany io no ho "tahirin-kevitra enti-miasa" eny anivon'ireo Fivondronamben'ny eveka manerana ny kaontinanta fito maneran-tany: Afrika (SCEAM); Ôseania (FCBCO); Azia (FABC); Azia afovoany (CPCO); Amerika atsimo (CELAM); Eorôpa (CCEE); Amerika avaratra (USCCB sy CCCB).

Samy hamoaka Tahirin-kevitra Farany avy ireo Fivondronambe iraisam-pirenena ireo ka avy amin'izany indray no handrafetana ny *Instrumentum Laboris* faharoa izay hampiasaina mandritra ny fivoriam-be amin'ny Sinaodin'ny Eveka amin'ny volana ôktôbra 2023.

### 3.4. Fihaonam-be amin'ny Sinaodin'ny Eveka

Hivory miaraka amin'ny Papa Ray Masina ireo Eveka sy ny olona rehetra nantsoina hanatrika izany mandritra ny fivoriam-be amin'ny Sinaodin'ny Eveka hatao any Roma amin'ny volana ôktôbra 2023, ka hiteny sy hifampihaino izy ireo manoloana ny zavatra rehetra voalaza nandritra ny dingana fiomanana teny anivon'ny Eglizy tsirairay. Tsy natao hanarontsarona an'izay rehetra voalaza teny anivon'ny diôsezy, Fivondronamben'ny eveka/Sinaodin'ny Eglizy tatsinanana sy ny kaontinanta ny Sinaodin'ny Eveka, fa natao hamantarana ny feon'ny Fanahy Masina izay niteny tamin'ny alalan'ny Eglizy maneran-tany ho an'izao tontolo izao.

### 3.5. Dingana fampiharana

Koa satria natao hametrahana fomba fiasa vaovao entina mampijoro sy miaina ny fiombonana, ny fandraisana anjara sy ny asa fanirahana ataon'ny Eglizy ity Sinaody ity, dia zava-dehibe tokoa ny dingana natao hampiharana izany, hahafahana mandroso miaraka amin'ny lalana mitondra amin'ny fiarahan-dia. Natao hipaka any amin'ny Eglizy rehetra maneran-tany ity fampiharana ity mba hahatonga ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody ho toerana iaingan'ny vahoakan'Andriamanitra manontolo sy ho toerana fahatongavana ihany koa (*EC*, 7). Manampy betsaka amin'ny fampiharana izany ny Olona Ifandraisana eny

anivon'ny diôsezy sy ireo olona rehetra niara-nisalahy tamin'ny fanaovana ny dingana teny anivon'ny diôsezy, ka ao anatin'izany ny Filan-kevitra pastôralin'ny diôsezy, ny Filan-kevitry ny pretra, ny Filan-kevitra pastôraly eny amin'ny paroasy.

Antenaina fa hitondra voka-tsoa ny traikefan'ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity ka hampivelatra bebe kokoa ny fahaiza-mihaino, fahaiza-mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra, ny fahaiza-mifanakalo hevitra, fahaiza-mandray fanapahan-kevitra mba hahafahan'ny vahoakan'Andriamanitra rehetra miara-dia, tsara kokoa, amin'ny olombelona rehetra eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina.

## 4. Fizorana amin'ny lalan'ny Sinaody eny anivon'ny Diôsezy tsirairay

### 4.1. Famintinana ny hevitra novolavolaina teny anivon'ny Diôsezy

Ity dingana voalohany amin'ny fiomanana amin'ny Sinaody ity no fototra ijoroan'ireo dingana rehetra hatao manaraka. Tsy hoe famaliana fanontaniana fotsiny ihany no atao mandritra ny dingana eny anivon'ny diôsezy fa natao indrindra hanampy ny olona rehetra, araka izay tratra, mba hahay hifampihaino sy hiara-dia eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina.

Ny Fanahin'Andriamanitra izay manazava sy manome aina ity fiarahan-dia ity ihany no Ilay Fanahy nomen'i Jesoa an'ireo apôstôly ka nitarika azy teo am-panatanterahana ny asa fanirahana nataony. Miasa amin'ireo mpianatr'i Kristy rehetra nifandimby hatramin'izay sy mihaino ny Tenin'Andriamanitra ary manatanteraka izany ny Fanahy Masina. Tsy manamafy fotsiny ny fanohizana ny fitoriana ny Evanjely ny Fanahy nalefan'i Kristy fa manazava bebe kokoa ny Tenin'Andriamanitra ary manoro hevi-baovao ilaina hanohanana ny firosoan'ny Eglizy lalina kokoa no sady mankahery azy eo am-panatanterahana ny asa fanirahana ataony (jer. *Jo* 14,25-26; 15,26-27; 16,12-15) (jer. *TF*, 16).

Maneho "kisary" roa avy amin'ny Soratra Masina ny *Tahirin-kevitra Fiomanana* ka manentana sy manamafy ny diantsika eo am-panorenana ny Eglizy miara-dia. Ny kisary voalohany dia nalaina tamin'ny "seha-piaraha-monina" izay tsy afa-misaraka amin'ny asa fitoriana ny Evanjely, nanomboka tamin'ny fitoriana nataon'i Jesoa : samy manana ny anjara toerany avokoa ny olona tsirairay - ny vahoaka, ny apôstôly ary izy Tompo (*TF*, 17-21). Ny kisary faharoa kosa dia maneho ny asan'ny Fanahy Masina izay nahatsapan'i Piera sy ny kristianina tany amboalohany fa mety hitera-doza ny tsy fahampian'ny finoana eo am-pitoriana azy. (*TF*, 22-24). Manentana anareo izahay mba handalina misimisy kokoa ireo kisary roa ireo ary handray azy ho toy ny loharano hamelombelona sy hanilo anareo amin'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody.

Ambaran'ny Evanjely mazava tsara fa nanatona hatrany ireo vahoaka voailika, natao ankilabao sy hadinon'ny fiaraha-monina i Jesoa. Ny zavatra tsapa tamin'ny asa fitoriana rehetra nataon'i Jesoa dia ny fandraisany ny vahoaka sy ny fanajàny ny maha-olona azy, izay niteraka finoana teo amin'izy ireo : nohenoina ny fitarainany, novenjena tamin'ny fahoriany izy, nomen-danja ny fisiany, hitan'Andriamanitra ny fahamboniany ka nampiditra azy indray ho isan'ny fiaraha-monina. Tahaka ny niovan'i Piera tamin'ny fihaonany tamin'i Kôrnely no tokony hiovantsika ihany koa araka izay iantsoan'Andriamanitra antsika. Amin'izao dingana

fiomanana amin'ny Sinaody izao no itarihan'Andriamanitra antsika rehetra amin'ny lalana iraisana ho amin'ny fibebahana avy amin'ny andram-piainana ifampizarantsika. Manatona antsika amin'ny alalan'ireo olona mifanerasera amintsika Andriamanitra ary manatona azy ireny amin'ny alalantsika ihany koa Izy, amin'ny fomba mahagaga tsy ampoizintsika.

Mila ezaka betsaka ny fanatanterahana izany ka tsara raha hampitomboina isa araka izay tratra, amin'ny fomba maha-mety azy, ireo mpandray anjara. Izany no andraikitra voalohany ankinina amin'ireo olona natao ifandraisana eny anivon'ny diôsezy mba hitarika sy hanentana ny dingana rehetra atao eny an-toerana. Ireo lahatsoratra na fandraisana anjara amin'ny endriny ivelany, izay tsy maneho ny tena fiainan'ny vahoaka dia tsy hanampy antsika amin'izany no sady tsy maneho ireo zavatra maro isan-karazany niainantsika.

Tokony hatomboka amin'ny fitadiavana ny fomba mahomby indrindra, hampandraisana anjara ny rehetra, ny dingana eny anivon'ny diôsezy. Hiezaka ny tsirairay handeha any amin'ireo izay nandao ny Eglizy, zara raha mivavaka sy tsy miaina ny finoany, any amin'ireo ory sy mahantra ka voailika, ireo mpitsoa-ponenana, ireo tsy misy mpiahy sy tsy misy mpiraharaha, sns.

Ny tena anton'ny anaovana ny Sinaody dia ny hihainoana an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fifampihainoana, tsilovin'ny Tenin'Andriamanitra. Ny fifampihainoana ataontsika no hanampy antsika hihaino bebe kokoa ny feon'ny Fanahy Masina miteny amin'izao tontolo izao ankehitriny. Mety ho vita ao anatin'ny fivoriana indray miantoana izany rehetra izany kanefa mampirisika mafy anareo izahay mba hampitombo ny isan'ny fivoriana atao satria manampy betsaka amin'ny fifaneraserana, fifankahalalana, fifampizarana, fifampitokisana; no sady hanampy azy ireo hiteny an-kalalahana ihany koa, ka hahatonga antsika hiara-dalana sy hiaina marina ny Sinaody. Tsara ihany raha manokana fotoana hafa hiarahana ankoatra ny fotoam-pivoriana. Mety hanampy bebe kokoa amin'ny fifankahazoana anaty sy ny fifampizarana fiainana ny fanaovana fitsidihana toerana malaza, hetsika miaraka, hetsika ara-java-kanto, na fiaraha-miala hetaheta.

Miankina betsaka amin'ny zava-misy any an-toerana no hanatanterahanareo ireny fivoriana sy hetsika ireny. Afaka mifanatona ny paroasy sasantsasany, ary toraka izany ihany koa ireo fikambanana na vondrona isan-karazany toy ny vondrona pastôraly misahana ny fahasalamana, fanabeazana katôlika, ankohonan-drelijiozy, fikambanana lahika, vondrona iraisam-pinoana, sns.

Ho hitanareo eo ambany (amin'ny fizarana faha 5) ireo fanontaniana hanentanana antsika hanombohana sy hanamoràna ny fomba hanatanterahana ny fifampizarana sy ny fifampihainoana. Tsy ny hamaliana ireo fanontaniana rehetra ireo anefa no tanjona kendrena fa ny hijerena izay tena mahakasika sy mifanaraka amin'ny zava-misy eo an-toerana. Afaka mangataka fanontaniana hafa ianareo ary ampirisihina rahateo hanao izany. Amin'ny maha-tari-dalana amin'ny ankapobeny azy dia asongadino kokoa ireo karazana fanontaniana maneho tantaram-piainana manokana sy andram-piainana nandalovana fa tsy filazana momba ny "foto-pinoana" tsy akory. Jereo ireo ohatra sasany ao amin'ny fizarana faha 5.

Tokony "haravona" ireo fanehoan-kevitra rehetra voaray mandritra ny dingana fihainoana ny feon'ny vahoaka. Araka ny fanazavana hita eo amin'ny tondrozotra eo ambany (fizarana faha

4.4) dia tokony horaiketina an-tsoratra ny fehin-kevitra tamin'ny fihaonana teny amin'ny diôsezy mba hamaliana ireo fanontaniana voalaza amin'ity Soridalana ity (Fizarana faha 5). Mandritra izany ihany koa no hanoratana ny fehin-kevitra avy amin'ny diôsezy ; ary farany, ny avy eny anivon'ny fivoriamben'ny Eveka tsirairay. Tsy natao hanovozana tsoa-kevitra iraisana avy tamin'ny fanehoan-kevitra rehetra voalaza na hanaovana fampiharana ara-tsaina sy ara-pahalalana no tanjona amin'ireto fehin-kevitra isan'ambaratongany ireto. Ny fehin-kevitra notsoahina dia natao hamantarana ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny fifidianana sy fandraiketana an-tsoratra izay rehetra hanampy amin'ny dingana manaraka amin'ny firosoana amin'ny Sinaody eny anivon'ny Diôsezy (*raha toa ka fakan-kevitra eny anivon'ny diôsezy*) ary eny anivon'ny fivoriamben'ny Eveka (*raha toa ka fehin-kevitra nataon'ny diôsezy*). Araka izany dia tsy tatitra iraisana na teboka maneho ireo zavatra itoviana fotsiny ihany ny fehin-kevitra fa manasongadina ireo hevi-dehibe, hitarika amin'ny fomba fijery vaovao, na tontolo vaovao. Tokony asiana tsindrim-peo manokana ary ampidirina amin'ity fehin-kevitra ity ny feon'ireo izay voailika na koa antsoina hoe "tatitry ny vitsy an'isa". Tsy tokony hanasongadina ireo tranga tsara niainana fotsiny ihany ny fanehoan-kevitra atao fa mba hanazava ihany koa ireo zavatra tsy dia tsara loatra sy nanahirana nitranga mba ho tena ny zava-misy marina tokoa tamin'ny feo rehetra heno no avoitra. Ireo ***Zava-nitranga*** nandritra ny fihaonana isam-paritra no tokony hipoitra amin'ny fanehoan-kevitra : ny toe-tsain'ireo mpandray anjara, ireo hafaliana sy zava-nanahirana tamin'ny fifanakalozan-kevitra natao niaraha-namantatra ny sitrapon'Andriamanitra.

Haravona ho fehin-kevitra avy amin'ny diôsezy ireo fanehoan-kevitra rehetra voaray tamin'ny fihaonana isam-paritra. Ny fehin-kevitra izay haravon'ny diôsezy tsirairay aorian'ny fihainoana ny feon'ny vahoaka sy ny ezaka hamantarana ny sitrapon'Andriamanitra no hamaritra ny fiarahan-dia ataon'ny vahoakan'Andriamanitra manontolo. Azo ampiasaina ho tahirin-kevitra ilaina amin'ny dingana manaraka amin'ny fiarahan-dia eny anivon'ny Eglizy isam-paritra izany araka ny ohatra omen'ity Sinaody ity. Mba hahamora ny dingana rehetra aorian'ity fiomanana amin'ny Sinaody ity dia tsara raha fintinina, tsy mihoatra ny **10 pejy** ny vokatry ny fivavahana sy ny fandalinana. Afaka ampiarahina amin'ny fehin-kevitra avy any amin'ny diôsezy ihany koa ireo lahatsoratra sasany mba hanampy sy hanazava ny tahirin-kevitra voarakitra ao.

Halefa any amin'ny fivondronamben'ny Eveka na any amin'ny Sinaodin'ny Eglizy tatsinanana ireo fehin-kevitra avy any amin'ny diôsezy tsirairay na ny Eglizy ôrtôdôksa ireo. Ka samy handrafitra ny fehin-keviny avy izy ireo, ka toe-tsaina vonona hikatsaka ny sitrapon'Andriamanitra araka ny efa voalaza etsy ambony no anatanterahana izany, ka ireo fehin-kevitra avy amin'ny diôsezy/eparkìa na fari-piadidiana ao amin'ny Eglizy ôrtôdôksa no iaingàna amin'izany. Halefan'ny fivondronamben'ny Eveka sy ny sinaodin'ny Eglizy tatsinanana any amin'ny Foibe misahana ny Sinaodin'ny Eveka ny fehin-kevitra naravony, ka avy amin'izany indray no handrafetan'io Sampan-draharaha io ny tahirin-kevitra voalohany entina miasa (*Instrumentum Laboris voalohany*), mifototra amin'izay nifampizarana sy nanaovana traikefa teny anivon'ny faritra tsirairay.

### 4.2. Ny anjara toeran'ny Eveka mandritra ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody

Tsy misy fiarahan-dia raha tsy eo ny fahefana maha-mpiandry Ondry ananan'ny Fivondronamben'ny Eveka eo ambany fitarihan'ny Dimbin'i Md Piera ; toraka izay ihany koa ny fahefana pastôraly ananan'ny Eveka tsirairay eny amin'ny diôsezy iandraiketany. Ny adidy nankinina amin'ny Eveka dia ny ho mpiandry ondry, mpampianatra, ary ho mpisorombe amin'ny fandraharahana masina. Ny fanomezam-pahasoavana azony hamantatra ny sitrapon'Andriamanitra no manainga azy ireo ho mpiandry mahatoky, sy ho mpanazava ary ho vavolombelon'ny finoan'ny Eglizy. Ao aminy sy avy amin'ny alalan'ny Eglizy isam-paritra no mampisy ny Eglizy katôlika tokana (*FF*, 23). Ny fandraisan'ny Eglizy anjara sy ny firotsahan'ny Eveka tsirairay an-tsehatra no tena antoka hampahomby ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody. "*Noho io toetra maha-Katôlika io dia mizara ny fanomezana noraisiny amin'ny mpikambana hafa sy amin'ny Eglizy manontolo ny mpikambana tsirairay, hany ka miara-mitombo ny tena manontolo sy ny mpikambana tsirairay, noho ny fifampizarana amin'ny zavatra rehetra sy noho ny ezaka iombonana irosoana ho amin'ny hafenoan'ny firaisana.*" (*FF*, 13). Mitondra fanomezana isan-karazany ho an'ny rehetra no sady mampiroborobo ny Vatan'i Kristy ny fahasamihafan'ny Eglizy isam-paritra sy ny zava-misy any an-toerana ary ny kolontsainy avy. Izany no fomba hahalalantsika ny lalana izoran'ny Eglizy ho amin'ny fiarahan-dia.

Noho izany, ny zavatra voalohany andrasana amin'ny Eveka amin'ity dingana fiomanana amin'ity Sinaody ity dia ny hanamora ny fomba iainan'ny vahoakan'Andriamanitra manontolo ny fiarahan-dia, eny an-dalana izorana mankany amin'ny ilay hoe Eglizy miara-dia bebe kokoa. Manana anjara asa lehibe ny Eveka amin'ny fihainoana ny feon'ny vahoakan'Andriamanitra eo anivon'ny Eglizy any amin'ny diôsezy iandraiketany. Eo ambany fanilovan'ny Fanahy Masina, no ahafahan'ny Eveka mamantatra bebe kokoa ireo dingana mahomby ihainoana ny feon'ny vahoakan'Andriamanitra ao amin'ny diôsezy tantanany, eny amin'ny lalan'ny fiarahan-dia tontosain'ny Eglizy manontolo. Afaka manendry Olona na Ekipa ifandraisana izy handrindra sy hanampy azy amin'ny fanatanterahana izany. Amin'ny alalan'ny fivavahana no itadiavan'izy ireo miaraka ny sitrapon'Andriamanitra. Entanina handray anjara mavitrika amin'ny dingana fiomanana eny anivon'ny diôsezy ny Eveka. Ka ny firotsahany an-tsehatra dia tokony hampiroborobo ny fifanakalozan-kevitra mivelatra eo anivon'ny fahasamihafana misy eo amin'ny vahoakan'Andriamanitra.

Azon'ny Eveka atao ny mitady ny tatitra sy ny fandraisana anjara amin'ny toerana rehetra raha hitany fa manampy amin'ny fanomanana izany. Entanina ny Eveka mba hifandray amin'ireo mpandrindra rehetra sy ny rafitra samihafa, eny anivon'ny Diôsezy, ao anatin'izany ny Filan-kevitra pastôraly eny anivon'ny Diôsezy, Filan-kevitry ny pretra, ny paroasy, ankohonan-drelijiozy, fikambanana lahika, mpandraharaha pastôraly (eny anivon'ny sekoly sy trano fitsaboana), ary ireo vaomiera eny anivon'ny diôsezy mba hampirisika ny fandraisan'izy ireny anjara amin'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody ary hangataka fanampiana aminy raha ilaina izany. Ny Olona Ifandraisana eny anivon'ny diôsezy, eo ambany fitarihan'ny Eveka dia afaka mifandray mivantana amin'ireo mpandrindra eny anivon'ny paroasy sy ireo ankohonana any an-toerana mba hanamora ny dingana rehetra atao amin'ity fakan-kevitra ity.

Ao anatin'izany ihany koa dia adidin'ny Eveka ny mametraka ireo zavatra rehetra ilaina amin'ny fanatanterahana izany, toy ny toerana, ny olona sy ny lafiny ara-bola, ara-teknika. Adidin'ny Eveka ihany koa ny mampirisika ireo vondrona isan-karazany sy ny isambatan'olona mba hahatonga ny dingana fiomanana ho tena ezaka anehoana fiaraha-mientana, amin'ny fampandraisana anjara mpino maro be ary amin'ny fiezahana hanatonana ny vahoakan'Andriamanitra rehetra ao anatin'ny fahasamihafàny : pretra, diakra, olomboatokana lehilahy sy vehivavy, ary lahika. Mety ho tena ilaina amin'ny fanatanterahana izany ireo rafitra samihafa eny anivon'ny diôsezy : ny Filan-kevitra pastôralin'ny diôsezy, ny Filan-kevitry ny pretra ary ny Filan-kevitry ny paroasy, sns., izay miezaka mampihatra sahady ny fiarahan-dia.

Azon'ny eveka atao ny miantso sy manentana, amin'ny alalan'ny taratasy na horonan-tsary, ny olona tsirairay ao amin'ny diôsezy handray anjara amin'ny dingana fihainoana, fifanakalozan-kevitra ary ny fakan-kevitra. Tsara raha fotoam-pivavahana tarihin'ny Eveka no hanombohana sy hamaranana ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody eny anivon'ny Diôsezy.

Ny fihainoana ny feon'ny vahoaka no tena anjara asan'ny Eveka mandritra ny dingana fakan-kevitra. Na dia mety hiseho amin'ny fomba maro samihafa aza ny firotsahan'ny Eveka antsehatra amin'ny dingana ihainoana ny vahoakan'Andriamanitra, dia entanina koa izy mba handray anjara sy hampandry sofina amin'ny feon'ny mpino. Ankoatra ny fandraisana anjara amin'ny fanatanterahana ny fihainoana any amin'ireo toerana manerana ny diôsezy, dia azon'ny eveka atao ny miantso fivoriana hafa handraisan'ireo ankohonam-piainana madinika anjara, raha tiany, ka iantsoany solontena avy amin'ny lafy valon'ny diôsezy, indrindra ireo olona voailika sy natao ankilabao. Ho fanampin'izany dia azony atao ihany koa ny mihaino ny feon'ny mpino, amin'ny fijerena ny fanehoan-kevitra nangonina, amin'ny fiezahana mamantatra izay lazain'ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny vahoaka nankinina aminy. Tokony hihaona tsy tapaka amin'ireo Olona Ifandraisana eny anivon'ny diôsezy ny Eveka, mba hijerena akaiky ny fizoran'ny fakan-kevitra sy hamahàna ny olana nosedraina. Tokony hojerena manokana mba tsy hanelingelina na hanohintohina ny fanehoan-kevitry ny mpino an-kalalahana ny fanatrehan'ny Eveka sy ny pretra, indrindra raha nisy tranga nanafintohina na noho ny tsy fitovian'ny kolontsaina eo amin'izy ireo.

Ary farany, dia ny Eveka no miantso ny fivoriana eny anivon'ny diôsezy mialoha ny Sinaodin'ny Eveka ho famaranana ny fankalazana ny dingana eo anivon'ny diôsezy, ary miara-miasa amin'ireo Olona Ifandraisana izy amin'ny fanomanana izany. Tokony hatao izay handraisan'ny solontena rehetra avy amin'ny diôsezy manontolo anjara amin'ity fivoriana ity, ka ny tanjona dia ny fiombonana sy ny fiarahana hivavaka, hihaino, handalina, ary hamantatra ny lalan'ny sinaody iantsoan'ny Fanahin'Andriamanitra ny diôsezy manontolo. Azon'ny Eveka atao ny mijery indray ny fehin-kevitra avy amin'ny diôsezy miaraka amin'ny Olona Ifandraisana eny anivon'ny Diôsezy alohan'ny handefasana izany any amin'ny fivondronamben'ny Eveka. Zava-dehibe ny manamarika fa tsy natao hanehoana fijery miabo na miiba mikasika ny evekan'ny diôsezy ny fehin-kevitra avy amin'ny diôsezy, fa natao hampitana tatitra marina momba ny zavatra rehetra nifampizaràna nandritra ny dingana

fiomanana amin'ny Sinaody teny anivon'ny diôsezy, ka maneho ny fahasamihafan'ny fomba fijery sy ny zavatra andrasan'ny vahoakan'Andriamanitra.

Mazava ho azy fa hiteraka fihetseham-po samihafa eo amin'ireo mpitarika sy mpandraharaha ara-pastôraly ny fidirana amin'ny dingana fakan-kevitra, miainga avy amin'ny hafaliana sy hafanam-po mankamin'ny tebiteby, tahotra, fisalasalana, na tsy fahatokisana koa aza. Anisan'ny zava-miseho amin'ny lalan'ny fiarahan-dia avokoa ireny fihetseham-po isan-karazany ireny. Tokony heken'ny eveka ny fahasamihafàn'ny fanehoan-kevitra mipoitra avy amin'ny diôsezy, kanefa miaraka amin'izay koa dia hampirisihany ny olona mba hisokatra amin'ny Fanahy Masina izay miasa amin'ny fomba mahagaga sy mamelombelona indray. Tahaka ny mpiandry ondry tsara izay mitady ny hahasoa ny ondriny, dia antsoina hialoha lalana ny vahoakan'Andriamanitra, no sady hitoetra eo anivony ary hanaraka azy avy ao aoriana ny Eveka, amin'izay dia azony antoka fa tsy misy tavela na very ny ondriny na dia iray aza.

### 4.3 Ny andraikitry ny Pretra sy ny Diakra amin'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody

Mahasahana lafin-javatra roa ny adidy ankinina amin'ny Pretra sy ny diakra : etsy andaniny ny Eveka ary etsy ankilany kosa ny vahoaka iandraiketany. Noho izany dia natao hampifandray ny Eveka amin'ny vahoaka kristianina entiny izy ireo any amin'ny Eglizy misy azy avy. Andraikitra lehibe ho an'ny pretra sy ny diakra izany amin'ny fiarahan-dia eo anivon'ny vahoakan'Andriamanitra, miombona amin'ny eveka sy amin'ny fanompoana ny mpino. Afaka mifandray amin'ny vahoaka amin'ny anaran'ny eveka izy ireo, no sady mampita hafatra amin'ny Eveka avy amin'ny vahoaka ihany koa. Natao hampiombona sy hampiray amin'ny fanorenana ny Vatan'i Kristy izy ireo, manampy ny mpino hiara-mizotra, handroso miaraka eo anivon'ny Eglizy. Mpitondra fanavaozana ihany koa izy ireo, no sady mijery akaiky ny fivoaran'ny filàn'ny ondriny ka manoro ny asan'ny Fanahy Masina manokatra lalam-baovao ho an'ny vahoakany. Ary farany, olon'ny fivavahana izy ireo ary mampiroborobo ny fiainana ara-panahy amin'ity fiarahan-dia ity, ka hahafahan'ny vahoakan'Andriamanitra manongilan-tsofina bebe kokoa amin'ny Fanahy Masina sy hiarahan'izy ireo mihaino ny sitrapon'Andriamanitra.

Manoloana izany, dia mitazona anjara toerana lehibe ny pretra sy ny diakra, miara-dia amin'ny vahoakan'Andriamanitra manontolo amin'ny fizorana amin'ny lalan'ny Sinaody. Zava-dehibe miankina aman'aina tokoa ny ezaka ataon'izy ireo hampiroboroboana sy hampiharana ny tena lalan'ny fiarahan-dia marina amin'ny maha-Eglizin'i Kristy azy. Azon'ny pretra sy ny diakra atao ny manazava ny sain'ny olona mikasika ny tena toetry ny Eglizy amin'ny maha-Eglizy miara-dia azy sy ny hevitry ny fiarahan-dia eny anivon'ny paroasy, amin'ny sehatra pastôraly sy amin'ny fikambanana iandraiketany.

Antsoina hanampy, hampirisika, hampiroborobo ary hanatanteraka ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody eny anivon'ny diôsezy any amin'ny Eglizy misy azy ihany koa ny pretra sy ny diakra. Miara-miasa amin'ireo sampana maro miasa eny anivon'ny diôsezy izy ireo, toy ny Filan-kevitra Pastôralin'ny diôsezy, ny Filan-kevitry ny Pretra, ny Filan-kevitra Pastôralin'ny Paroasy. Angatahina manokana ny firotsahan'ireo "mpikarakara ny Sinaody" any amin'ny Eglizy tsirairay, indrindra ny Filan-kevitry ny Pretra sy ny Filan-kevitra pastôraly (*Tahirin-*

*kevitra Fiomanana*, 31). Amin'ity fiarahan-dia ataon'ny Eglizy ity dia azon'ireo mpandray anjara rehetra eny anivon'ny diôsezy "porofoina fa mijoro manomboka eto ny Eglizy fototra miara-dia" (*EC*, 7).

Afaka mitady fomba hafa vaovao ihany koa izy ireo hampiroboroboana ny fomba entina miaina ny tena fiarahan-dia marina eny anivon'ny kristianina, lahika, pretra sy diakra, miaraka amin'ny hevitra aroson'ny Eveka sy ny Olona Ifandraisana eo anivon'ny Diôsezy izay notendrena hanatanteraka ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity. Tsara homarihina fa ny Eveka no mandrindra ny fakan-kevitra eny anivon'ny Diôsezy amin'ity dingana fiomanana ity, ka mandefa izany any amin'ireo "Pretra, Diakra sy ny Mpino lahika eny anivon'ny Egliziny avy, na isambatan'olona izany na amin'ny fikambanana, sy izay mety ho anjara biriky goavana entin'ireo olom-boatokana rehetra na lehilahy na vehivavy" (*EC*, 7).

Voalaza ao amin'ny *Tahirin-kevitra Fiomanana,* fa tamin'ny asa fitoriana nataon'i Jesoa, dia "tsy fanomezana toerana manokana na fahefana miavaka no nifidianana an'ireo apôstôly fa fahasoavana entina hanompoana ny rehetra amin'ny fanaovana asa soa sy fiombonana. Noho ny Fanahin'ny Tompo nitsangan-ko velona, dia adidin'izy ireo ny mitandro fatratra ny toeran'i Jesoa kanefa tsy misolo azy : ary tsy ho vato misakana amin'ny fisiany fa hanamora ny fihaonana aminy" (*TF*, 19). Manana anjara toerana goavana, tahaka izany ihany koa, ny mpitondra fivavahana izay nandray ny fanomezana masina tamin'ny sakramentan'ny filaharana ka hahatonga ity Sinaody ity ho tena lalana hihaonana amin'i Kristy nitsangan-ko velona, miorina amin'ny fivavahana, ary velomin'ny fankalazana ny Eokaristia sy entanin'ny fihainoana ny Tenin'Andriamanitra.

### 4.4. Ny tondrozotra (mitovy amin'ny dingana arahina eny anivon'ny Diôsezy)

Hiovaova arakaraka ny zava-misy any an-toerana ny fomba hanatanterahana ny dingana fihainoana ny feon'ny vahoaka sy ny fifanakalozan-kevitra eny anivon'ny diôsezy tsirairay, na izany aza anefa dia manaraka ireto dingana manaraka ireto ny fanatanterahana izany amin'ny ankapobeny :

#### *1. Fanendrena ireo Olona Ifandraisana eny anivon'ny Diôsezy*

Hanendry mpino iray na roa ho Olona Ifandraisana ny Diôsezy tsirairay avy. Voalaza ao amin'ny Tovana A ny fanazavana ny asa hiantsorohany sy ny toetra takiana amin'ireo Olona Ifandraisana ireo. Raha ny tsara dia olona roa no tokony ho tendrena ho tompon'andraikitra mba ho modely amin'ny fiaraha-miasa. Raha mihoatra ny iray ny mpino tendrena ho Olona Ifandraisana dia tsara raha atao vehivavy sy lehilahy. Mety ho mpilatsaka an-tsitrapo ireo Olona Ifandraisana ireo na omena tambin-karama, ary mety ho efa mpiasa eo amin'ny diôsezy aza : pretra, relijiozy na lahika. Azon'ny diôsezy dinihina ny andraikitra hosahanin'ireo Olona Ifandraisana ireo amin'ny fanatanterahana ny fiarahan-dia eny anivon'ny diôsezy hatramin'ny taona 2023 na aorian'izany.

#### *2. Fananganana ekipan'ny Sinaody eny anivon'ny Diôsezy*

Tsara raha miara-miasa amina ekipa fototra ireo Olona Ifandraisana ireo, ka avy amin'ireo olona mirotsaka an-tsitrapo na notendren'ny Eveka ireo no handrafitra io ekipa io : ka tsara raha ahitana solontena isaky ny Paroasy, fikambanana masina, sehatra pastôraly samihafa, ary

ankohonam-piainan-drelijiozy. Azon'ireo Olona Ifandraisana antsoina ity ekipa ity hanolotsaina azy sy hiara-miasa aminy. Mbola afaka manohy ny asany ity ekipa ity aorian'izao Sinaody izao mba hahafahan'izy ireo mampiroborobo sy miaina ny fiarahan-dia eny anivon'ny Diôsezy, ankehitriny sy amin'ny hoavy, ary miaraka amin'ny Evekany.

### *3. Fandinihana ny lalana izoran'ny diôsezinareo*

Milazalaza ny tsara ho fantatra rehetra momba ity Sinaody hotanterahina ity ny *Tahirin-kevitra Fiomanana* sy ny *Soridalana* (*Vademecum*), ary manome ny taridalana rehetra hanomanana ny dingan'ny fakan-kevitra. Miankina amin'ny zava-misy iainana sy ireo olana atrehin'ny Eglizy sy ny fiaraha-monina tsirairay na arakaraka ny fisian'ny sinaodin'ny diôsezy (amin'izao fotoana izao na teo aloha) no ampiharana ireto tahirin-kevitra ireto. Azo atao am-bavaka ny fandinihana azy ireo mba hamantarana tsara ny tena zava-misy tokony hohalalinina eo amin'ny Diôsezy.

### *4. Fandrafetana ny dingana fandraisana anjara*

Adidin'ny diôsezy tsirairay ny mampandray anjara ny olona rehetra tsy ankanavaka, na eny anivon'ny paroasy izany na amin'ny fivondronan'ny paroasy maromaro, fikambanana eny anivon'ny sekoly, fikambanana samifaha, vondrona amin'ny tambazotran-tserasera, sokajin'olona manokana araka ny fiteniny, sy izay fomba rehetra hanatonana ireo nanalavitra ny Eglizy. Tena tsara tokoa raha afaka mifampihaino avokoa ireo sokajy sy vondrona isan-karazany ireo. Tsara omanina mialoha sy atao vonona avokoa ireo zavatra rehetra ilaina amin'ny fanatanterahana ny fakan-kevitra : ny lafiny ara-bola sy ara-pitaovana sy ny sehatra ifandraisana eny anivon'ny tambazotran-tserasera. Afaka miara-miasa sy mifanome tanana ny diôsezy samy diôsezy raha ilaina izany.

### *5. Fanomanana ireo vondrona mpandrindra amin'ny fivoriana fakan-kevitra ho an'ny Sinaody*

Afaka miara-miasa amin'ireo vondrona mpandrindra ny ekipan'ny Sinaody eny anivon'ny diôsezy mba hanamora ny fanatanterahana ny fakan-kevitra manerana ny diôsezy. Ohatra, azon'ny mpandrindra eny amin'ny paroasy atao tsara ny miara-miasa amin'ny ekipan'ny paroasy amin'ny fanaraha-maso ny fakan-kevitra ao amin'io paroasy io. Mila ampahafantarina an'ireo mpandrindra rehetra ny tanjona sy ny toe-tsaina takìn'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody, ary tokony hanana ny fitaovana rehetra ilaina izy ireo, ka anisan'izany ity Soridalana ity sy ny tranon-kalam-pifandraisana natokana ho an'ny Sinaody. Afaka mijery ny fomba tsara indrindra entiny manatanteraka izany, isaky ny vondrona sy sokajy misy azy ireo mpandrindra rehetra ireo ary mifandray hatrany amin'ny ekipan'ny sinaôdy eny anivon'ny diôsezy

### *6. Fanomezana atrik'asa ho an'ny Ekipan'ny Sinaody eny anivon'ny diôsezy sy ny mpandrindra eo an-toerana.*

Koa satria tsy mitovy ny fomba fahatakarana zavatra sy ny fanatanterahana ny fiarahan-dia ao amin'ny diôsezy dia tsara ny anomezana atrik'asa fiofanana azy ireny hanoroana lalana azy sy hanomezana azy ny fahalalana ilainy momba ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody. Tafiditra ao anatin'izany ny fitarihana ny fivoriana fakan-kevitra ho an'ny Sinaody, ary efa

vokatra iray manan-danja ao amin'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody sahady io fiofanana fototra io. Soritsoritan'ny Tovana B ny fomba fitarihana ny fivoriana fakan-kevitra ho an'ny Sinaody. Fa ny tena zava-dehibe dia ny fitadiavana fomba mahomby hanamora ny fahaiza-mihaino, fifampizaràna marina, ary ny fiombonana am-panahy eo am-piezahana mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra. Mbola betsaka ireo zavatra ho hitanareo ao amin'ny tranon-kalam-pifandraisana natokana ho an'ny Sinaody, mety hanampy anareo amin'izany.

*7. Mifandray amin'ny olona rehetra*

Azo atao ny mampiasa ny fomba rehetra hampitana ny vaovao mikasika ny Sinaody, ny heviny sy ny tanjona tratrarina, mba hampahafantarana sy hampandraisana anjara ny olona, sy hahaizany ny fomba handraisany anjara. Misy ohatra mikasika io fampahafantarana io ao amin'ny tranon-kalam-pifandraisana.

*8. Fanatanterahana, fanaraha-maso, fitarihana ny dingan'ny fakan-kevitra amin'ny Sinaody*

Rehefa vonona ny zavatra rehetra dia azo atomboka ny dingan'ny fakan-kevitra. Ny fivoriana fakan-kevitra amin'ny Sinaody manerana ny diôsezy no ivon'ity dingana ity. Azo atao ny manomana fankalazana litorjika eo anivon'ny diôsezy ho fanokafana an'io dingana io sy hiantsoana ny Fanahy Masina hitarika ny dingana manontolo. Mandritra ny fanatanterahana ny fakan-kevitra eny anivon'ny diôsezy, dia hifandray tsy tapaka amin'ireo vondrona mpandrindra ny fakan-kevitra manerana ny diôsezy ireo Olona Ifandraisana eny anivon'ny Diôsezy, mba hanaraha-maso ny fivoaran'ny asa, hanome tanana raha ilaina, hanamora ny fifanakalozan-kevitra, hanoro ny lalana tsara indrindra, ary hanampy amin'ny famoahan-kevitra sy ny fanangonana ny valin-teny. Faritana mialoha ny fotoana hamerenana ny valinteny amin'ny fakan-kevitra, izay azo ampiarahana amin'ny taridalana ho an'ny fehin-kevitra isaky ny diôsezy araka izay voalaza etsy ambany.

*9. Fivoriana mialoha ny Sinaody eny anivon'ny diôsezy*

Antitranterina mafy fa ny dingan'ny fakan-kevitra eny anivon'ny diôsezy dia miafara amin'ny fivoriana mialoha ny Sinaody miaraka amin'ny fankalazana litorjika. Asaina handray anjara amin'izany avokoa ny solontena rehetra ao amin'ny diôsezy ka ny tanjona dia ny hiarahana mivavaka, mihaino, mandalina ary mamantatra ny lalana izorana mankany amin'ny Sinaody izay iantsoan'ny Fanahin'Andriamanitra ny diôsezy manontolo. Voalaza ao amin'ny Tovana D ny sosokevitra rehetra amin'ny fanatanterahana izany.

*10. Fanomanana sy fandefasana ny fehin-kevitra avy amin'ny diôsezy*

Ary farany, dia aravona ho fehin-kevitra, ireo valinteny voaangona manerana ny diôsezy nandritra ny fivoriana mialoha ny Sinaody. Voalaza ao amin'ny Tovana E ny toromarika rehetra momba izany. Alefa any amin'ny fivondronamben'ny Eveka izany amin'ny fotoana voatondro. Rehefa vita izany dia ampahafantarina ampahibemaso ao amin'ny diôsezy io fehin-kevitra io. Manohy ny asany hatrany ireo Olona Ifandraisana eny anivon'ny diôsezy mandritra ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody na mandra-pahatongan'ny Fihaonamben'ny Sinaodin'ny Eveka amin'ny volana ôktôbra 2023, eny fa na dia aorian'io daty io aza. Manana anjara toerana lehibe izy ireo amin'ny dingana maro samihafa amin'ity Sinaody ity

satria natao hampifandray ny fivondronamben'ny Eveka sy ireo fihaonana eny anivon'ny kaontinanta, no sady mety hanampy ny diôsezy hiaina sy hirotsaka an-tsehatra hatrany amin'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody. Raha ilaina, dia izy ireo no miantoka ny fampitàna sy ny fampiharana ny soso-kevitra rehetra nivoitra nandritra ny fakan-kevitra teo anivon'ny diôsezy. Sady tsy fiafaràna rahateo ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity fa fanombohana vaovao.

### 4.5. Ireo zavatra rehetra ilaina amin'ny fanatanterahana ny Sinaody

Azo ampiasaina ho toy ny taridalana ireo dingana rehetra voalaza ao amin'ny laharana 4.4 ireo. Mitovy amin'ny "zavatra ilaina" amin'ny fanatanterahana ny Fihaonamben'ny Sinaodin'ny Eveka, izay hotanterahina any Roma amin'ny ôktôbra 2023, ny zavatra ilaina amin'ny dingana arahina eny anivon'ny diôsezy. Ireto avy izany : atomboka amin'ny fankalazana litorjika, fivoriamben'ny mpandray anjara rehetra, fihaonana isan-tsokajiny na vondrona madinidinika, fotoam-pahanginana sy fivavahana, fifampiresahana, fifampizarana traikefa (toy ny fivahiniana masina, fampisehoana ara-java-kanto, andram-piainana niaraka tamin'ireo malemy sy kilemaina ary ny zokiolona), ary faranana amin'ny fankalazana litorjika. Azo ampifanarahina amin'ny zava-misy eo an-toerana ireo singa fototra ireo mba hampiroboroboana sy hiainana bebe kokoa ny Sinaody eo amin'ny Eglizinareo, ary tadidio hatrany ireo torolalana sy toetsaina entina miatrika izany, mbamin'ireo fandrika na olana mety hitranga araka ny voalaza ao amin'ny fizarana faharoa.

## 5. Ireo zavatra ilaina handrindrana ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody

### 5.1. Fomba entina manatanteraka ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody eny anivon'ny Diôsezy

Samy mitady izay fomba tsara hitany fa hanampy ny olona, hanatanterahana ny Sinaody ny diôsezy tsirairay avy, ary mijery manokana ireo voailika sy natao ankilabao hatramin'izay. Misy soso-kevitra momba izany any amin'ny tranon-kalam-pifandraisana natokana ho an'ny Sinaody.

Araka ny efa voalaza tetsy ambony, dia ampirisihina ny isam-batan'olona sy ny fikambanana mba handray anjara amin'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody any amin'ny Eglizy misy azy avy. Na izany aza anefa dia azon'ny rehetra atao ny mandray anjara mivantana, na fikambanana na ny isam-batan'olona ka izay tsy afaka mandray anjara eny anivon'ny Eglizy misy azy dia afaka mandefa izany mivantana any amin'ny foibe misahana ny Sinaody (*EC*, 6).

Izay fomba ahazoana voka-tsoa amin'ny Sinaody sy mifanaraka amin'ny zava-misy eo an-toerana no tokony hanatanterahana ny fihaonana eny anivon'ny Eglizy tsirairay. Tsara kokoa raha tsy ovaina ny ankamaroan'ireo vondron'ny olona mpandray anjara amin'ireo "fivoriana fakan-kevitra amin'ny Sinaody" mba hanatsarana sy handalinana bebe kokoa ny fifanakalozan-kevitra atao. Azo atao ihany koa ny manangana vondrona hafa mba hahabetsaka ny mpandray anjara ka hampitombo ny vokatra azo sy ny hevitra ifampizarana.

Afaka mandefa mivantana ny fanehoan-kevitra ataony mankany amin'ny diôsezy ny olona tsirairay avy, izay homena mialoha ireo taridalana sy ny tsara ho fantatra rehetra mba ho

tafiditra ao amin'ny fehin-kevitra ataon'ny dôsezy ny fanehoan-kevitra avy amin'izy ireny. Tsaratsara kokoa anefa raha amin'ny fiarahana sy fiombonana hatrany no anatanterahana ny dingana rehetra amin'ny Sinaody fa tsy ho hatao hataon'ny isambatan'olona satria izany indrindra no toe-tsaina andrasana amintsika amin'ny fanehoana fiarahan-dia. Manoloana izany dia tsara raha omena horonan-tsary, valan-dresaka amin'ny alalan'ny internet, fandalinana ara-tsoratra masina ary vavaka ireo mandray anjara amin'ny anaran'ny tenany manokana, mba hiombonany bebe kokoa amin'ny rehetra eo am-panatanterahana ny Sinaody.

Mety ho fomba iray tsara entina hamoriana olona avy amin'ny sehatra ara-tsôsialy, ara-pihariana, ara-poko, araka ny salan-taona, sns., samihafa ny fanaovana ny fivoriana fakan-kevitra eny anivon'ny paroasy maro mitambatra. Azon'ny Paroasy roa na mihoatra atao ny miara-mivory handrindràna ireo fihaonana fakan-kevitra iombonana ho an'ny Sinaody ireo. Tsara raha aompana bebe kokoa amin'ny trangam-piaraha-monina iombonana sy amin'ireo olana atrehiny amin'ny maha-kristianina azy, na mikasika ny anjara-toeran'ny Eglizy manoloana ny valan'aretina COVID-19, na koa amin'ny zavatra hafa miseho any an-toerana ny fifampizarana ataony. Azo atao koa ny manangana ekipa mpandrindra iraisan'ny paroasy.

Manentana anareo ihany koa izahay ny hampidiranareo amin'ny fivoriana na fandaharam-potoanan'ny paroasy sy diôsezy izay efa nomanina, araka izay azo atao, ny lohahevitra mikasika ny fiarahan-dia sy ny dingana fakan-kevitra fiomanana amin'ny Sinaody. Mety hanampy betsaka anareo amin'ny fandrafetana ny tetiandro ho an'ny pastôraly amin'ny taona 2021-2021 ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody eny anivon'ny diôsezy ity no sady azo anovozana hevitra vaovao ihany koa.

### 5.2. Nylafiny sasany momba ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody

Manampy betsaka amin'ny fifampihainoana ny fifankahalalana sy ny fifampizarana fiainana. Tsara kokoa raha atomboka amin'ny fifampizarana asa niaraha-nanao ny fivoriana sy ny fifanakalozan-kevitra.

Betsaka ireo asa azo iarahana manao toy ny fanaovana fivahiniana masina, asa sôsialy na asa fiantràna, na fiaraha-misakafo. Ankoatra ny ezaka atao hampitomboana ny fifampitokisana eo amin'ny samy mpandray anjara, dia tsara raha jerena ihany koa ny fomba hampandraisana anjara ireo olona havanana kokoa amin'ny asa vatana miohatra amin'ny adihevitra mampiasa saina.

Tahaka izany tokoa no nataon'i Jesoa, fony Izy namory ny mpianany, tamin'ny fiaraha-misakafo, fiarahan-dia, sy ny fanokanana fotoana hiarahana. Mety ho tsara tokoa raha anokanana fotoana betsaka sy omena toerana mifanaraka amin'izany ireo mpandray anjara hahafahany miara-misakafo sy miara-miala hetaheta satria izany no antoka hampivelatra bebe kokoa ny fifampizarana sy ny fifampihainoana amin'ny fotoana rehetra ivelan'ny fivoriana. Izany no atao dia mba hahafahan'ireo olona saro-kenatra, tsy sahy maneho ny heviny ao anatin'ny fivoriana, mandray anjara bebe kokoa, no sady hanampy amin'ny fanazavana an-kahalalahana sy amin'ny fomba tsotra izay zavatra sasantsasany tsy mazava.

Manampy betsaka amin'ny fampijoroana fiombonana eo amin'ireo mpandray anjara ny fanehoana izany amin'ny endriny samihafa : ara-batana, ara-kolontsaina, ara-tsôsialy, na ny

fanaovana asa fiantràna, izay antoka hihavaozan'ny Eglizy amin'ny fomba vaovao anehoana firahalahiana.

### 5.3 Ny fanontaniana fototra ho an'ny fakan-kevitra

Ity fanontaniana fototra ity no apetraky Sinaody amintsika: "Miara-dalana" ny Eglizy miara-dia, eo am-pitoriana ny Evanjely. Ahoana no anatanterahana an'io "fiarahan-dia" io ankehitriny ao amin'ny Eglizy misy anareo? Inona ny dingana andrasan'ny Fanahy Masina amintsika hampiroboroboana io "fiarahan-dia" io? (*TF*, 26).

Entanina isika, eo am-pamaliana an'io fanontaniana io mba :

- hahatsiaro ireo zavatra niainantsika: mampahatsiahy inona tamin'ny zavatra niainan'ny Eglizintsika eo an-toerana io fanontaniana io?
- hanao jery todika sy handalina bebe kokoa ireny zavatra niainana ireny : hafaliana manao ahoana no naterak'izany? Inona ny vato misakana sy olana nandalovana tamin'izany? Karazana ratra toy inona no nentiny? Inona avy ireo hevitra nitsiry vokatr'izany?
- hanangona ny vokatra hifampizaràna : taiza tamin'ireny traikefa ireny no nandrenesana ny bitsiky ny Fanahy? Inona no angatahiny amintsika? Inona avy ireo zavatra mila hamafisina, ireo vinavina ho amin'ny fanovàna, ny dingana hotanterahina? Inona avy ireo marimaritra iraisana? Inona avy ireo lalana misokatra ho an'ny Eglizintsika eo an-toerana?

Ireto lohahevitra aroso manaraka ireto dia hanampy ny vahoakan'Andriamanitra handalina bebe kokoa io fanontaniana fototra io, sy hanazavana lafin-javatra samihafa momba ny "fiarahan-dia niainana" (*PD*, 30). Aza hadinoina, eo am-pamaliana ireo fanontaniana ireo fa miseho amin'ny endriny roa izay tena mifandray tanteraka ny "fiarahan-dia". Voalohany, miara-dia isika amin'ny maha-Vahoakan'Andriamanitra antsika. Manaraka izay, amin'ny maha-Vahoakan'Andriamanitra antsika dia miara-dia amin'ny taranak'olombelona manontolo ihany koa isika. Mifanampy sy mifameno ireo lafiny roa ireo, ary manampy antsika amin'ny fiarahana mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra, antoky ny fiombonana bebe kokoa sy ny asa fanirahana mahomby.

Azo raisina ho fototra hiaingàna na taridalana ireo fanontaniana napetraka isaky lohahevitra folo ireo. Tsy natao hamerana ny adihevitra sy ny fifanakalozan-kevitra ataonareo anefa ireto fanontaniana manaraka ireto:

1. IREO MPIARA-DA

*Miara-dia hatrany isika na eny amin'ny Eglizy na eny amin'ny fiaraha-monina satria lalana iray no iraisana*. Eo amin'ny Eglizy misy antsika, iza avy ireo olona "miara-dia"? Iza avy ireo olona toa mihataka lavitra sy mitokatokana? Inona no andrasana amintsika mba hampivelarana ny maha mpiara-dia antsika? Iza avy ireo olona na sokajin'olona voailika?

2. FIHAINOANA NY HAFA

*Dingana voalohany ny fihainoana ny hafa, izay mitaky fahalalahan-tsaina sy fisokafan'ny fo, ary tsy asiana fiangarana*. Ahoana no itenenan'Andriamanitra amintsika amin'ny

alalan'ny feo izay ataontsika tsinontsinona indraindray? Ahoana ny fomba ihainoana ny lahika, indrindra ny tanora sy ny vehivavy? Inona avy ireo zavatra manamora na manelingelina ny fihainoantsika ny hafa? Ahoana ny fomba ihainoantsika ireo atao ankilabao? Ahoana ny fandraisana ny anjara biriky entin'ny olom-boatokana lehilahy sy vehivavy? Inona avy ireo vato misakana manohintohina ny fahaizantsika mihaino ny hafa, indrindra ireo tsy mitovy fijery amintsika? Inona no anjara toeran'ireo vitsy an'isa, indrindra ny mahantra sy ireo natao ankilabao ary ireo voailiky ny fiaraha-monina?

## 3. FANDRAISANA FITENENANA

*Asaina hiteny an-kasahiana sy an-kitsim-po ny olona rehetra, izany hoe atao an-kahalalahana, am-pahamarinana, sy am-pitiavana*. Inona no manampy na manakatsakana ny fitenenana an-kasahiana, an-kitsim-po, amin'ny maha-tompon'andraikitra ao amin'ny Eglizintsika sy eo amin'ny fiaraha-monina? Oviana ary amin'ny fomba ahoana no ilazantsika ireo zava-dehibe eo amin'ny fiainantsika? Manao ahoana ny fifandraisana amin'ny tontolon'ny serasera eo an-toerana (tsy ny serasera katôlika ihany)? Iza no miteny misolo tena ny fiangonana kristianina ary ahoana no ifidianana azy ireny?

## 4. FANKALAZANA LITORJIA

*Tsy ho tanteraka ny "fiarahan-dia" ataontsika raha tsy mifototra amin'ny fiaraha-mihaino ny Tenin'Andriamanitra sy ny fankalazana ny Eokaristia*. Inona ny anjara toeran'ny fivavahana sy ny fankalazana litorjika, ary amin'ny fomba ahoana no itarihany antsika eo amin'ny fiarahantsika miaina sy ny fiaraha-manatanteraka ny asa fanirahana? Ahoana no anentanan'izy ireny antsika manoloana ny fanapahan-kevitra lehibe horaisina? Ahoana no hampiroboroboantsika ny fandraisan'ny Mpino rehetra anjara mavitrika amin'ny litorjia? Aiza ho aiza ny anjara toeran'ny mpamaky teny sy mpanotrona amin'ny fankalazana ataontsika?

## 5. FIFAMPIZARANA ANDRAIKITRA AMIN'NY ASA FANIRAHANA IOMBONANTSIKA

*Natao hanatanterahana ny asa fanirahan'ny Eglizy ny fiarahan-dia, ka antsoina handray anjara amin'izany avokoa ny mpino rehetra*. Amin'ny fomba ahoana no andraisan'ny vita batemy tsirairay ny antso handray anjara amin'ny asa fanirahana ataon'ny Eglizy, amin'ny maha mpianatr'i Kristy antsika rehetra? Inona no manakantsakana ny vita batemy tsy handray anjara mavitrika amin'ny asa fanirahana? Inona avy ireo sehatr'asa fanirahana nataontsika an-tsirambina? Ahoana no anohanan'ny Eglizy an'ireo mpino ao aminy miasa eny anivon'ny fiaraha-monina amin'ny sehatra (sôsialy, pôlitika, fikarohana ara-tsiansa sy fanabeazana, fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny, fiarovana ny zon'olombelona sy fikolokoloana ny tontolo iainana, sns.)? Ahoana no fomba hanampian'ny Eglizy azy ireny ka hahafahany manatanteraka ny asa fitoriana ataony eny anivon'ny fiaraha-monina? Amin'ny fomba ahoana, ary iza no mandray fanapahan-kevitra mikasika ny asa fanirahana hatao?

## 6. FIFANAKALOZAN-KEVITRA AO AMIN'NY EGLIZY SY NY FIARAHA-MONINA

*Mitaky fiaretana ny mafy sy faharetana ny fifanakalozan-kevitra, ary manampy amin'ny fifankahazoana*. Hatraiza no isian'ny fifanakalozan-kevitra miaraka eo amin'ireo vondrona maro samihafa ato amin'ny fiangonantsika? Amin'inona avy ary amin'ny fomba ahoana no ifanakalozan-kevitra ao amin'ny Eglizintsika? Ahoana no ampiroboroboantsika ny fiaraha-miasa amin'ireo diôsezy mifanolo-bodirindrina, amin'ireo ankohonam-piainan-drelijiozy misy eo an-toerana, amin'ny fikambanana sy firohotana lahika, sns? Fomba ahoana no iatrehana ny tsy fitovian-kevitra, ny fifandirana sy ireo olana maro samihafa? Inona avy ireo olana miavaka ilàna fandinihana manokana ao amin'ny Eglizy sy ny fiaraha-monina? Hatraiza no niainantsika ny fifanakalozan-kevitra sy fiaraha-miasa tamin'ireo hafa finoana sy ireo mpanaraka ny fiavavahan-drazana? Ahoana ny fomba ifanakalozan'nyEglizy hevitra sy andraisany lesona avy amin'ireo sehatra maro eo amin'ny fiaraha-monina : ara-pôlitika sy ny seha-pihariana, ara-kolontsaina, fiaraha-monim-pirenena, ny mahantra?

## 7. FIRAISAM-PINOANA

*Manana ny anjara toerany manokana amin'ny fizorana amin'ny Sinaody ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny Kristianina samy hafa finoana, atambatry ny Batemy iray*. Ahoana ny fifandraisantsika amin'ireo kristianina tsy katôlika? Inona ny zavatra ifampizarantsika ary ahoana ny fomba iarahantsika dia aminy? Inona avy ireo vokatra azontsika tamin'ny fiarahan-dia taminy? Inona avy ireo olana nosedraina? Ahoana no ahafahantsika miroso amin'ny dingana manaraka amin'ny fiarahan-dia amin'izy ireny?

## 8. FAHEFANA SY FANDRAISANA ANJARA

*Ny « Eglizy miara-dia » dia Eglizy miara-mandray andraikitra sy mampandray anjara ny hafa*. Ahoana no amaritan'ny Eglizintsika ny tanjona hotratrarina, ny fomba hanatanterahana izany, ary ny dingana horaisina? Ahoana ny fomba fitantanana sy fitondrana eo amin'ny Eglizintsika eo an-toerana? Ahoana ny fampiharana ny fiaraha-miasa sy ny fiaraha-mandray andraikitra? Amin'ny fomba ahoana no anaovana ny tomban'ezaka ary iza no manatanteraka izany? Aiza ho aiza ireo asa fanompoana sahanin'ny lahika sy ny fanentanana azy handray andraikitra? Efa nahita voka-tsoa tamin'ny fiarahan-dia eny anivon'ny faritra misy antsika ve isika? Manao ahoana ny fomba fiasan'ireo olona mpandrindra ny Sinaody eny anivon'ny Eglizy eo an-toerana (Filan-kevitra Pastôralin'ny paroasy sy diôsezy, ny Filan-kevitry ny Pretra, sns.)? Ahoana no ahafahantsika mampiroborobo ny fomba fiasa takian'ny Sinaody eo amin'ny fandraisantsika anjara sy amin'ny fomba fitondrana vahoaka?

## 9. FAMANTARANA NY LALANA HIZORANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA

*Ny fandraisana fanapahan-kevitra, araka ny fomba fanao amin'ny Sinaody dia miankina amin'ny fandalinana sy fahaiza-mamantatra izay ambaran'ny Fanahy Masina amin'ny fiangonana manontolo*. Ahoana ny fomba fiasantsika ary inona avy ireo dingana arahina

alohan'ny handraisana fanapahan-kevitra? Ahoana no hanatsarana izany? Ahoana no fomba hampirisihana ny hafa handray anjara amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra manoloana ireo rafitra an-tanatohatra? Manampy antsika hihaino ny feon'ny vahoakan'Andriamanitra manontolo ve ny fomba fandraisantsika fanapahan-kevitra ? Inona ny ifandraisan'ny fakan-kevitra sy ny fandraisana fanapahan-kevitra, ary amin'ny fomba ahoana no ampiharantsika izany? Inona avy ireo fitaovana ampiasaintsika sy ny dingana arahina amin'ny fampanjakana ny mangarahara sy ny maha-tompon'andraikitra? Ahoana no ahafahantsika mivelatra amin'ny fahaizantsika miara-mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra?

10. FAMOLAHAN-TENA HO AMIN'NY FIARAHAN-DIA

*Mitaky finiavana sy fahavononana hiova, sy handray fanabezana ary hanaraka fiofanana mitohy ny fiarahan-dia.* Ahoana no anabeazan'ny Eglizintsika ny olona ao aminy hahafahany miaina misimisy kokoa ny "firahan-dia", sy hahaizany mifampihaino, mandray anjara amin'ny asa fanirahana, ary mirotsaka an-tsehatra amin'ny fifanakalozan-kevitra? Inona ny fiofanana omena azy mba hampiroboroboana ny fahaiza-mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra sy ny fahaiza-mitondra vahoaka araka ny takian'ny Sinaody?

Hitantsika ao amin'ny tranon-kalam-pifandraisana natokana ho an'ny Sinaody ireo soso-kevitra samihafa hanampy antsika amin'ny fomba hametrahana ireny fanontaniana ireny amin'ireo vondron'olona isan-karazany, amin'ny fomba tsotra nefa mahomby. Tsy voatery hamaly ireo fanontaniana rehetra ireo ny diôsezy, ny paroasy na ny fikambanana ao amin'ny Eglizy, fa entanina kosa mba hijery akaiky sy hamantatra ireo lafin-javatra mahakasika ny fiarahan-dia mifanaraka tsara amin'ny zava-misy eo an-toerana. Entanina ny mpandray anjara rehetra mba hizara amim-pahatsorana sy an-kahalalahana ny andram-piainana nandalovany avy, ary handinika miaraka izay tian'ny Fanahy Masina hambara avy amin'ny fifampizarana natao.

## TENY FISAORANA

Tolorana fankasitrahana ireo rehetra nandrindra sy nikarakara ary nandray anjara amin'ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity. Eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina no anorenantsika ny vato fehizoro ananganan'Andriamanitra ny Eglizy tiany hajoro amin'izao arivo taona fahatelo izao (1 *P* 2,5). Enga anie i Masina Maria Virjiny, Mpanjakavavin'ny Apôstôly sy Renin'ny Eglizy, hivavaka ho antsika amin'izao fizorantsika miaraka, amin'ny lalana nosoritan'Andriamanitra ho antsika izao. Tahaka ny niseho tao amin'ny Efitra Ambony tamin'ny andron'ny Pantekôty, dia enga anie ny fitiavan-dreny asehony sy ny vavaka ataony hanampy antsika amin'ny ezaka hampanjakana fiombonana eo anivontsika sy ny fanatanterahana ny asa fanirahana eo amin'izao tontolo izao. Koa amin'ny maha-Vahoakan'Andriamanitra antsika, sy miaraka aminy no iarahantsika miteny manao hoe: « *Aoka ho tanteraka amiko araka ny teninao* » (*Lk* 1,38).

## TOVANA A

### IREO OLONA/EKIPA IFANDRAISANA ENY ANIVON'NY DIÔSEZY

Tokony hifidy mpino iray na roa ho Olona Ifandraisana ny eny anivon'ny diôsezy tsirairay avy ka izy ireo no ho tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana ny dingana fakan-kevitra eny anivon'ny diôsezy. Raha azo atao dia tokony hanangana ekipa hiara-miasa aminy izy ireo. Entanina mba ho olona roa hiara-mitantana no tendrena ifandraisana fa tsy olon-tokana satria efa maneho sahady ny toetra takian'ny Sinaody ny fiaraha-miasa eo amin'izy ireo. Ampirisihina ianareo mba *hiara-miasa amin'ny ekipa* mpiara-mitantana mba hahafahanareo mifampianatra sy mifampizara andraikitra ary mampivelatra kokoa ny saina handray zava-baovao ary hanome aina ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody ao amin'ny diôsezinareo. Ireto voalaza manaraka ireto ny andraikitra hosahanin'ireo Olona/Ekipa Ifandraisana eny anivon'ny diôsezy :

- Mampifandray ny diôsezy sy ny Fivondronamben'ny Eveka (sy ireo olona ifandraisany na ekipa miara-miasa aminy)
- Natao hanatonana hakàna hevitra raha misy ilàn'ny paroasy na ireo vondrona rehetra ao amin'ny diôsezy momba ny fakan-kevitra amin'ny Sinaody.
- Natao ho Olona ifandraisan'ny Evekan'ny diôsezy mikasika ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody.
- Hiasa araka ny toe-tsaina takian'ny Sinaody ka hiara-misalahy amin'ny ekipa hampivelarana ny dingana fiomanana eny anivon'ny diôsezy ary hanazava sy hiady hevitra mikasika ireo zavatra rehetra andrasan'ity Sinaody ity (araka ny toromarika nomen'ny Foibe misahana ny sinaodin'ny Eveka sy ny fivondronamben'ny Eveka), ka hanangona sy hamakafaka ary handravona ny valinteny rehetra azo tamin'ny fakan-kevitra manerana ny diôsezy manontolo.
- Hiantso ny paroasy rehetra handray anjara amin'ny dingana fakan-kevitra, handaminana ireo fihaonana amin'ny fandraisana anjara amin'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody eo an-toerana. Afaka mifanatona ny Paroasy maromaro mpifanolo-bodirindrina mba hampiroboroboana ny fiombonana sy ny fiarahan-dia. Tokony hampirisihin'ny Olona/Ekipa Ifandraisana eny anivon'ny Diôsezy ny Paroasy rehetra mba hiaina bebe kokoa ny firahalahiana, fiaraha-mandray andraikitra, toraka izany ihany koa ny fandraisana anjara feno sy mavitrika avy amin'ireo olom-boahosotra sy olom-boatokana, ireo lahika lehilahy sy vehivavy, ary tsy latsa-danja amin'izany ny ankizy, ny tanora, ireo olona manirery, ny mpivady, ny fianakaviana sy ny zokiolona. Izany no atao dia ny mba hisokafan'ny fakan-kevitra bebe kokoa amin'ny sokajin'olona rehetra tsy ankanavaka, olona avy amin'ny sehatra ara-tsôsialy, ekônômika, ara-kolontsaina, ara-poko, sy ny sehatr'asa maro samihafa eo an-toerana; ary entanina toraka izany ihany koa ny hakana ny hevitr'ireo nanalavitra ny finoana katôlika, ireo kristianina avy amin'ny Fiangonana rahavavy sy ireo mpanaraka ny fivavahan-drazany, ireo mponina tsotra eo an-toerana tsy mivavaka eo amin'ny paroasy.
- Hanentana ireo mpikatroka rehetra ao amin'ny diôsezy: ny fikambanana sy ny firohotana, ny sampana sy rafitra rehetra misy ao amin'ny Eglizy, ka hitondra ny anjara birikiny avy, arakaraka ny anjara asany eo an-toerana, amin'ny famaliana ireo fanontaniana rehetra ao amin'ny Soridalana sy ireo tahirin-kevitra miaraka aminy. Samy afaka mamaly ny

fanontaniana ny fikambanana sy ny vondrona tsirairay avy, azony atao ihany koa ny miara-miasa na miara-mamaly izany eny anivon'ny paroasy/diôsezy. Ezahina ampandraisina anjara sy ampidirina amin'ity dingana fakan-kevitra ity avokoa ireo seha-pikatrohana rehetra, ny olona samihafa fiaviana, fiangonana isan-karazany, vondrona mbamin'ireo hetsika samihafa, ireo ezaka rehetra atao amin'ny firaisam-pinoana sy ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny kristianiana sy ny hafa finoana ao amin'ny diôsezy, satria izany no antoka hampiroborobo ny fiainana marina ny fiarahan-dia eny amin'ny Eglizy tsirairay.

- Hanome fiofanana sy hitari-dalana (amin'ny alalan'ny atrik'asa, fivoriana mivantana amin'ny alalan'ny internet, horonan-tsary, fitaovana, sy/na fanampiana mivantana) ho an'ireo olona ho tompon'andraikitra hitarika sy hanamora ny dingana fakan-kevitra eo an-toerana (paroasy, ankohonam-piangonana, sns.). Izany no atao dia mba hanampiana azy ireo hahazo ny hevitry ny hoe fiarahan-dia sy ny tanjona kendrena amin'ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody ity, ary ny toetoetry ny fanatanterahana sy ny fiainana ny Sinaody izay ezahin'izy ireo ampiroboroboina. (Raha mila fanazavana fanampiny dia jereo ny Soridalana, na ny tranokalam-pifandraisana natokana ho an'ny Sinaody).
- Mamolavola fomba fiasa hanangonana ny valinteny azo avy amin'ny dingana fakan-kevitra manerana ny diôsezy manontolo ary mampita izany any amin'ny paroasy sy ny vondrona rehetra eny anivon'ny diôsezy, ny ankohonam-piainan-drelijiozy, ny fikambanana sy ny firohotana, mba *hampivelarana bebe kokoa hatrany ny fampandraisana anjara ny olona araka izay azo atao*. Ireto avy ny zavatra ato amin'izany :
  - manolotra soso-kevitra amin'ny paroasy/fiangonana mba hanendreny olona na ekipa ifandraisana ho azy ireo, hitarika ny fakan-kevitra ao an-toerana.
  - manome soso-kevitra ny paroasy/fiangonana mbahamoriany ny vahoaka hanaovany fakan-kevitra eo an-toerana, indray na indroa na mihoatra. Azon'ny Paroasy na vondron'olona atao ny manao fakan-kevitra mitokana ho an'ny vondrona sasantsasany (ohatra ankizy, tanora, olon-dehibe, mpivady, mpifindra monina sy mpitsoa-ponenana, ireo nanalavitra ny eglizy, ireo mahantra sy voailika).
  - manome soso-kevitra ny paroasy mba hitadiavany fomba handravonana sy handraisana an-tsoratra ny fakan-kevitra/fifanakalozan-kevitra (amin'ny alalan'ny mpitan-tsoratra, na amin'ny fandraisam-peo ny fivoriana, amin'ny fiangaviana ireo mpandray anjara na ireo mpanentana hampiditra ao amin'ny tranon-kalam-pifandraisana ny tan-tsoratra noraisiny, na amin'ny alalan'ny fitaovana hafa).
  - Mamaritra ny fe-potoana farany handefasana ireo vokatra rehetra azo tamin'ny dingana/fitaovana handefasana izany any amin'ny Olona/Ekipa Ifandraisana eny anivon'ny Diôsezy.
  - Mitady fotoana hafa hivoriana, miaraka amin'ireo mpandray anjara sy olon-kafa, aorian'ny dingana fakan-kevitra, mba hanaovana jery todika ny zavatra rehetra nifampizarana sy hijerena ny fomba hanohizana azy, ary handinihana ny dingana manaraka hahafahana miaina ny toe-panahy sy ny fomba vaovao takian'ny fiarahan-dia eo an-toerana.
- Manara-maso tsy tapaka ny fizotry ny fakan-kevitra, miaraka amin'ny paroasy/ /fiangonana mandritra ny dingana anatanterahana izany, ka manome tanana, mankahery, mitari-dalana, ary misaotra hatrany an'ireo mpandray anjara.

- Manangona ara-potoana ireo fehin-kevitra/valinteny/sy sosokevitra avy amin'ny dingana fakan-kevitra eo an-toerana.
- Manara-maso ny fandaminana ny Fivoriana mialoha ny Sinaody atao eny anivon'ny diôsezy (Jereo Tovana D).
- Mamakafaka sy mandravona ny valinteny voaangona ary manomana fehin-kevitra fohy amin'ny anaran'ny diôsezy, folo pejy raha be indrindra, izay halefa any amin'ny Fivondronamben'ny eveka araka ny fotoana voatondro. Anjaran'ny ekipa sy ireo Olona Ifandraisana eny anivon'ny Diôsezy no mamolavola an'io fehin-kevitra io miaraka amin'ny eveka na izay olona notendreny hisolotena azy (Jereo Tovana E).
- Mandefa ara-potoana an'io fehin-kevitra io any amin'ny Fivondronamben'ny Eveka.

Ireto avy **ny toetra takiana amin'ny Ekipa sy ireo Olona Ifandraisana eny anivon'ny Diôsezy**:

- Matotra ara-panahy sy manana finoana velona.
- Mahay miara-miasa amin'olona.
- Havanana amin'ny lafiny serasera sy fifandraisana.
- Mahay mandravona hevitra maro samihafa.
- Mahay mifandray tsara amin'olona samihafa kolontsaina, ankizy, tanora, olon-dehibe, ary olona nobeazina tamin'ny Fiangonana.
- Mahalala tsara ny rafitra misy eo amin'ny diôsezy sy ny fomba fiasa ao anatiny.
- Mahay miara-miasa amin'ny ekipa sy miara-mamolavola hevitra na koa efa nandray anjara tamin'ny fanatanterahana Sinaody.
- Manana fanetren-tena amin'ny fiaraha-miasa amin'ny tompon'andraikitra hafa sy/na amina ekipa, misokatra amin'ny soso-kevitra sy amin'ny talentan'ny hafa ary vonona handray fomba fiasa vaovao.

Tsara ho marihina fa tsy voatery ho mpitondra fivavahana ity olona tendrena hifandraisana eny anivon'ny Diôsezy ity. Raha olona roa no tendrena ho tompon'andraikitra dia tsara kokoa raha atao lehilahy sy vehivavy. Ary farafaharatsiny lahika ny iray amin'izy ireo.

Tokony ho hita taratra ao amin'ny ekipa miara-miasa amin'ny Olona Ifandraisana eny anivon'ny Diôsezy ireo karazana vondrona maro samihafa mandrafitra ny diôsezy ka anisan'izany ireo mpitarika isan-karazany: lehilahy sy vehivavy lahika, pretra sy relijiozy ary olom-boatokana, olona samy hafa kolontsaina, salan-taona samy hafa, sy ny lafiny maro hafa tsy voatanisa, izay maneho ny asa fandraharahàna ataon'ny Eglizy sy ny fanomezam-pahasoavana azony, indrindra amin'ny sehatra pastôraly sahanin'ny diôsezy ho an'ny tanora, ny fianakaviana, ny mpifindra monina, ny mpitsoa-ponenana sy ny mahantra. Mety hanampy tokoa raha mba efa nandray anjara tamin'ny fanomanana Sinaody eny anivon'ny firenena/diôsezy/eo antoerana, na sehatr'asa mitovy amin'izany ny mpikambana sasany ao amin'ny ekipa.

***Fanamarihana*** : Ny teny hoe "diôsezy" hita ato amin'ny Soridalana sy amin'ireo tovana ary any amin'ny antontan-kevitra hafa, dia entina ilazana ny "Eglizy tsirairay" amin'ny ankapobeny ka toraka izany ihany koa ho an'ny Eglizy ôrtôdôksa, anglikanina, na izay teny ilazàny azy ho an'ny Eglizy hafa.

## TOVANA B

### TOROLALANA AZO ANDAMINANA NY FIVORIANA FAKAN-KEVITRA AMIN'NY SINAODY

Azo tanterahina ho an'ny vondrona samihafa ao amin'ny paroasy na avy amin'ny paroasy maromaro manodidina ny fivoriana fakan-kevitra ho amin'ny Sinaody. Afaka miara-manatanteraka izany ihany koa ireo sampana maro hafa ao amin'ny diôsezy sy ny relijiozy ary ny fikambanana lahika. Drafitra ankapobeny amin'ireo dingana maro samihafa azo anatanterahana izany ity omena manaraka eto ity :

1. Azo atao ny manangana **ekipa mpandrindra** mba handamina sy hanatanteraka ny dingana fakan-kevitra sy ny fivoriana eo an-toerana, ka tafiditra ao anatin'izany ny fandinihana ny fomba hanatonana ny vahoaka sy ny fomba tsara indrindra hampiroboroboana ny fifanakalozan-kevitra ary ny fandraisana anjara araka ny takian'ny Sinaody.
2. Betsaka ny fomba azo ampiasaina hampirisihina ny olona amin'ny **fandraisana anjara**, ka anisan'izany ny vaovaom-piangonana, fitaovam-pifandraisana sy serasera, taratasy sns. Azo atao ihany koa ny miara-masa amin'ireo mponina manodidina sy ireo rafitra rehetra misy eo an-toerana toy ny Eglizy, sekoly sy ny ivon-toerana sôsialy ka ezahina manokana ny mamantatra sy manatona ireo olona efa nanalavitra ny Eglizy. Tokony hojerena manokana ny fomba hampandraisana anjara ireo voailika sy ireo tsy misy miraharaha matetika.
3. Tsara kokoa raha hita ao amin'ireo mpandray anjara ny **fahasamihafàn'ny** ankohonam-piainana, ny traikefany, ny kolontsainy, ny salan-taonany sy ny fari-piainany. Tokony hiankina amin'ny halehibeazan'ny toerana ivoriana sy ny isan'ny mpanentana no andrafetana ny vondrona.
4. Eo amin'ny 2 na 3 herinandro alohan'ny fivoriana no tokony handefasana ny **fitaovana iomanana** amin'ny fivavahana sy ny fandinihana any amin'ny mpandray anjara rehetra. Ka tafiditra ao anatin'izany ny lahatsoratra fohy manazava mikasika ny fiarahan-dia, ny fanontaniana fototra hanaovana fandinihana, sosokevitra amin'ny fomba anatanterahana ny fivavahana sy ny fandalinana ireo fanontaniana ireo, izay ahitàna andalan-tSoratra Masina. Tokony hampahafantarina an'ireo mpandray anjara ihany koa ny fomba fiasa amin'ny fivoriana amin'ity Sinaody ity. Tokony hanokana fotoana hanaovana fanazaran-tena izy ireo amin'ny fampiasana ireo fitaovana ireo satria tena zava-dehibe tokoa no atrehina, mba hampahomby ny fifanakalozan-kevitra atao.
5. Tokony ho fohy kanefa mafonja ireo **fanontaniana fototra hodinihina**. Aleo fanontaniana vitsy sy azo halalinina tsara toy izay fanontaniana betsaka kanefa tsy ho voavaly ara-dalàna. Izao **ny fanontaniana fototra** apetrak'ity Sinaody ity :***"Miara-dalana" ny Eglizy miara-dia, eo am-pitoriana ny Evanjely. Ahoana no anatanterahana an'io "fiarahan-dia" io ankehitriny ao amin'ny Eglizy misy anareo? Inona ny dingana andrasan'ny Fanahy Masina amintsika hampiroboroboana io "fiarahan-dia" io?*** (*TF* 26).

Entanina isika, eo am-pamaliana an'io fanontaniana io mba :

- Hahatsiaro ireo zavatra niainantsika: mampahatsiahy inona tamin'ny zavatra niainan'ny Eglizintsika eo an-toerana io fanontaniana io?
- hanao jery todika sy handalina bebe kokoa ireny zavatra niainana ireny: hafaliana manao ahoana no naterak'izany? Inona ny vato misakana sy olananandalovana tamin'izany? Karazana ratra toy inona no nentiny? Inona avy ireo hevitra nitsiry vokatr'izany?
- hanangona ny vokatra hifampizaràna: taiza tamin'ireny traikefa ireny no nandrenesana ny bitsiky ny Fanahy? Inona no angatahiny amintsika? Inona avy ireo zavatra mila hamafisina, ireo vinavina ho amin'ny fanovàna, ny dingana hotanterahina? Inona avy ireo marimaritra iraisana ? Inona avy ireo lalana misokatra ho an'ny Eglizintsika eo an-toerana?

Mitondra voka-tsoa tokoa ho an'ny mpandray anjara ny manao jery todika ny lalana nodiavin'ny Egliziny hatramin'izay. Nanao ahoana no niainany ny finoany? Inona avy ireo lalana nodiaviny mandraka ankehitriny? Ahoana ny nahatsapany ny fisian'Andriamanitra ao aminy? Matetika dia manampy amin'ny fanorenana ny fiangonana sy manoro azy ny lalan-kizorana, ny fiarahana manao jery todika ny lasa.

Nomena ny olona hanampy azy handalinany bebe kokoa an'ity fanontaniana fototra ity ireo lohahevitra folo novelabelarina hanazavana ireo zava-dehibe amin'ny "fiarahan-dia niainana" (*TF*, 30). Azo raisina ho teboka fiaingàna na koa ho taridalana entina manatsara ny fakan-kevitra atao, ireny fanontaniana isaky ny lohahevitra folo ireny. Hitanareo ao amin'ny fizarana faha-5 amin'ity Soridalana ity ireny fanontaniana ireny ary miampy fanazavana misimisy kokoa izany any amin'ny tahirin-kevitra ao amin'ny tranon-kalam-pifandraisan'ny Sinaody.

6. Tokony ho azo antoka tsara fa mifanaraka amin'ny fomba fiasa nosafidìna sy ny fomba hanatanterahana ny fihaonana amin'ny fakan-kevitra ny isan'ireo vondrona **mpanentana**, ary nahazo fiofanana sahaza azy amin'ny asa hatrehiny. Tokony hojerena ihany koa ireo olona na ekipa handravona ny fehin-kevitra azo avy tamin'ny fakan-kevitra.
7. Manana anjara toerana lehibe **ny vavaka sy ny litorjia iombonana** mandritra ny fihaonana. Mifototra amin'ny fihainoana ny Tenin'Andriamanitra sy ny Fanahy Masina ny fifampihainoana. Azo atao ny manao ny vavaka rehetra hita fa hanampy antsika hiaina bebe kokoa ny fiombonana sy hangatahana ny fitarihan'Andriamanitra sy ny fanilovany. Mety hanampy betsaka amin'izany ny litorjia sy ny fandinihana miaraka ny Soratra Masina.
8. Azon'ireo **vondrona fifanakalozan-kevitra** atao ny mampiasa ny fomba mifanaraka amin'ny toe-tsaina takian'ity fiarahan-dia ity. Ohatra amin'izany ny **resaka am-panahy (*conversation spirituelle*)** izay fomba iray entina mampivelatra ny fandraisana anjara mavitrika, fihainoana tsara, tsy fitenenana fahatany ary fandalinana ara-panahy. Olona manodidina ny 6 na 7 samihafa fiaviana, no mivondrona ho sokajy iray. Haharitra adiny iray farafahakeliny ity fomba fiasa ity, ary misy dingana telo arahina. Amin'ny dingana voalohany, dia samy omena fotoana mitovy hizarany ny vokatry ny vavaka nataony manoloana ny fanontaniana nomena azy mialoha (jereo #5 amin'ity Tovana ity) avy ny tsirairay. Tsy asiana adihevitra eto amin'ity dingana ity, fa mifampihaino ny mpandray anjara rehetra ary samy mihaino ny feon'ny Fanahy Masina izay miteny amin'ny tsirairay,

sy amin'izay mandray fitenenana ary amin'ny olona rehetra. Arahina fotoana fahanginana izany, hahatsapana ny zava-miseho ao anaty. Amin'ny dingana faharoa, dia hizara izay zavatra nanohina azy tamin'ny dingana voalohany sy izay zavatra nanentana azy nandritra ny fotoam-pahanginana ny mpandray anjara tsirairay avy. Azo atao ny mifanakalo hevitra fa atao araka ny toe-panahy entanin'ny fivavahanana toy ny teo aloha ihany. Dia arahina fotoam-pahanginana indray izany. Ary farany amin'ny dingana fahatelo, dia hanao fandinihana mikasika an'izay zavatra nisongadina tamin'ny resaka natao sy izay tena nanohina azy ny mpandray anjara rehetra. Mety hisy hevi-baovao mipoitra sy fanontaniana tsy ahitam-baliny ho tsapa eto. Azo faranana amin'ny vavaka fisaorana tora-po ny resaka atao. Matetika dia asiana mpanentana sy mpandray an-tsoratra avy ny sokajy tsirairay. (Hita ao amin'ny tranon-kalam-pifandraisan'ny Sinaody ny andinindininy momba izany).

9. Aorian'ny fifanakalozan-kevitra ataon'ny vondrona, dia tokony **hanao jery todika** sy hifampizara ny zavatra niainany tao anatin'ny sokajiny ny mpandray anjara. Nanao ahoana ny traikefa teo? Inona avy ireo zavatra nanahirana sy nahafinaritra? Inona avy ireo zava-baovao sy mamelombelona hitany tao? Inona ny zavatra notovoziny tamin'ny dingana amin'ny Sinaody? Tamin'ny fomba ahoana ny nahatsapanareo ny asan'Andriamanitr sy ny fisiany nandritra ny fihaonana nataonareo?

10. Tokony hanapa-kevitra ny amin'ny **tatitra** tiany hampitaina amin'ny ekipa mpandrindra/ mpanentana ny mpandray anjara. Azony ampiasaina ho teboka fiaingàna hanaovana io tatitra io ny fanontaniana taridalana mikasika ny fehin-kevitra avy amin'ny diôsezy hita ao amin'ny fizarana faha-4 ao amin'ny Soridalana (jereo koa ny Tovana E).

11. Afaka miara-mivory ny mpandray anjara rehetra hamaranana ny fihaonana. Misy solontena iray isan-tsokajy hizara fohifohy ny traikefa niainan'ny sokajy tsirairay. Ampahafantarina ny mpandray anjara rehetra ny dingana manaraka amin'ny fizotry ny Sinaody, mba hahalalany fa hipàka amin'ny fiainan'ny Eglizy manontolo ny fanehoan-kevitra nataony. Entanina hatrany mba hofaranana amin'ny fivavahana na hira fisaorana an'Andriamanitra ny fihaonana.

12. Afaka mivory ny ekipa mpandrindra/mpanentana aorian'ny fihaonana mba hanaovan'izy ireo jery todika ny traikefa azony nandritra ny fihaonana sy hanomanany ny fehin-kevitra miainga avy amin'ny tatitra nalefan'ny sokajy rehetra. Rehefa izany dia azon'izy ireo alefa any amin'ny Olona Ifandraisana eny anivon'ny Diôsezy ny fehin-kevitra.

13. Raha tsy afaka manatrika ny fivoriana (mivantana na amin'ny alalan'ny internet) ny olona dia miezaka mitady fomba hanatonana azy ireny amin'ny fampiasana SMS, antso amin'ny finday, radio, na izay fomba hafa misy eo am-pelatanana. Zava-dehibe tokoa ny hiezahantsika fatratra hihaino ny feon'ny olona rehetra tsy ankanavaka indrindra ireo voailika.

Raha mila fanazavana fanampiny dia jereo ny tranon-kalam-pifandraisana natokana ho an'ny Sinaody.

## TOVANA D

### FIVORIANA MIALOHA NY SINAODY ENY ANIVON'NY DIÔSEZY

Ny fivoriana mialoha ny Sinaody any anivon'ny Diôsezy no mamarana ny dingana fiomanana ataon'ny Eglizy tsirairay. Io fihaonana io no fotoana ahafahan'ireo mpikambana maro samihafa ao amin'ny diôsezy miara-mivavaka sy mankalaza an'Andriamanitra, mandinika ny zavatra niainany tamin'ny dingana fiomanana amin'ny Sinaody teo amin'ny diôsezy, hihainoana ny tatitra azo avy tamin'ny fivoriana fakan-kevitra manerana ny diôsezy, ary hifanakalozan-kevitra momba ny zava-misy eny amin'ny eglizy eo an-toerana mbamin'ny fambara entin'ny fotoana izay antoka hamantarana ny antson'ny Fanahy Masina amin'ny diôsezy mitondra amin'ny lalan'ny fiarahan-dia. Mety ho teny anivon'ny ankohonana ao amin'ny Eglizy eo an-toerana toy ny paroasy, sehatra pastôraly, na fikambanana hafa no nanatanterahan'ny diôsezy ny dingan'ny fakan-kevitra; noho izany, ny tanjona amin'ny fivoriana mialoha ny Sinaody dia ny mba hamoriana solontena isan-tsokajiny manerana ny diôsezy, ka tafiditra ao anatin'izany ireo sokajin'olona vitsy an'isa sy ireo natao ankilabao ka hahafahan'izy ireo mivavaka, mihaino, mandinika ary mamantatra miaraka ny sitrapon'Andriamanitra. Aorian'io fihaonana io dia ampidirina ho anisan'ny fehin-kevitra avy amin'ny diôsezy, miaraka amin'ireo tatitra nipoitra avy tamin'ny fivoriana fakan-kevitra nanerana ny diôsezy, ny vokatry ny fivoriana mialoha mialoha ny Sinaody eny anivon'ny diôsezy. (Raha mila fanazavana fanampiny dia jereo ny Tovana E momba ny fehin-kevitra avy amin'ny diôsezy.)

**Ireo tanjona kendrena**

a. Hamaranana miaraka amin'ny vahoakan'Andriamanitra ny dingana amin'ny fakan-kevitra ho amin'ny Sinaody eny anivon'ny diôsezy.

b. Hankalazana sy handinihana an'ireo zava-misy nivoitra sy fomba niainana ny fiarahan-dia teo anivon'ny diôsezy araka ny takian'ny lalan'ny Sinaody.

d. Hampisongadina ireo hevi-dehibe nivoitra tamin'ny fakan-kevitra teo anivon'ny diôsezy niaraka tamin'ny vondron'olona nofidina ho solontena avy amin'ny ankohonam-piainana samihafa ao amin'ny diôsezy.

e. Hampandray anjara ireo mpikambana avy amin'ny ankohonam-piainana samihafa (paroasy, sehatra pastôraly, firohotana, sekoly, mpitondra fivavahana, ankohonam-piainan-dreijiozy, ireo voailika, tanora, vondrona ara-kolontsaina, sns.) amin'ny fandinihana ny traikefa sy ny fanehoan-kevitra tamin'ny dingana fakan-kevitra, mba hamolavolana ny fehin-kevitra avy amin'ny diôsezy miainga amin'ny tatitra voaray manerana ny diôsezy.

f. Hihainoanany feon'Andriamanitra miteny amin'ny alalan'ny vahoakany ao amin'ny diôsezy, hamantatra ny sitrapony ho an'ny Eglizy eo an-toerana ary hijerena ny lalana itarihany ny Eglizy ao amin'ny diôsezy ho amin'ny fiombonana lalindalina kokoa, sy amin'ny fandraisana anjara feno kokoa, ary ho amin'ny asa fanirahana mahomby kokoa.

g. Haneho ireo fomba fiasa tsara indrindra, ireo lalan'ny fiarahan-dia, ny ainga vao sy hery amin'ny fiarahan-dia ka ho Eglizy miara-dia bebe kokoa amin'ny fifampihainoana sy fiaraha-mandray andraikitra.

h. Hamolavola fehin-kevitra avy amin'ny diôsezy izay maneho ny hevitry ny vahoakan'Andriamanitra nandritra ny dingana fakan-kevitra teny anivon'ny diôsezy, ho mariky ny fandraisana anjara amin'ity dingana fiomanana amin'ny Sinaody tanterahin'ny Eglizy manontolo ity.

**Ireo mpandray anjara**

Miankina amin'ny zava-misy eo amin'ny diôsezy no andrafetana an'ireo handray anjara amin'ny fivoriana fiomanana amin'ny Sinaody. Azon'ny diôsezy atao ny mampifanaraka izany amin'ity torolana ity arakaraka ny habetsahan'ny mponina, ny elanelan-tany, ny hoenti-manana rehetra, ny kolontsaina misy eo an-toerana, sns. Tsara kokoa raha ireto olona hotanisaina manaraka ireto no handrafitra azy :

- Ny evekan'ny diôsezy, ny eveka mpanampy, ary ireo Olona na Ekipa Ifandraisana eo anivon'ny Diôsezy.
- Ireo olona tsy mba nohenoim-peo loatra, ireo mahantra, ny zokiolona, ny sokajin'olona vitsy an'isa, ireo manirery, ireo manana fahasembanana, ny mpifindra monina, mpitsoa-ponenana, ireo zanatany, sns.
- Lahika mpitondra (lehilahy, vehivavy, tanora amina sehatra pastôraly samihafa eo anivon'ny diôsezy)
- Lahika hafa (lehilahy, vehivavy, tanora nasaina avy amin'ny paroasy na avy amin'ny Eglizy hafa)
- Mpitondra fivavahana (pretra diôsezanina, pretra relijiozy, diakra, sns.)
- Mpikambana avy amin'ny fikambanan-drelijiozy, olom-boatokana sy ankohonam-piainana apôstôlika (maneho ny fahasamihan'ny fanomezam-pahasoavana), tompon'andraikitra avy amin'ny fikambanana mpanao soa sy asa sôsialy.
- Ireo olona avy amin'ny Fiangonana rahavavy sy avy amin'ny finoana hafa te handray anjara (na izay tsy katôlika kanefa mety hitondra hevi-baovao hampiroboroboana ny Eglizy)
- Olona manam-pahaizana manokana sy manana traikefa amin'ny fanatanterahana fivoriana, anisan'izany ireo mpandrindra sy ireo nandalina manokana momba ny Eglizy eo amin'ny sehatra pastôraly sy teôlôjika.

**Ny fandaharam-potoana sy ny endrika hanatanterahana ny Fivoriana mialoha ny Sinaody eny anivon'ny Diôsezy**

Toy izao ny antsipirian'ny fandaharam-potoana amin'io fivoriana io : fankalazana ny fiarahan-dia teo amin'ny diôsezy hatramin'izay, fandinihana ireo tatitra voaray tamin'ny dingana fakan-kevitra manerana ny diôsezy, firosoana amin'ny famolavolàna ny fehin-kevitra avy amin'ny diôsezy izay maneho ny vokatry ny fihainoana sy ny fandinihana nataon'ny

vahoakan'Andriamanitra ao amin'ny diôsezy. Io fehin-kevitra io no ho anjara birikin'ny diôsezy alefa any amin'ny Fivondronamben'ny eveka.

Ny Eveka sy ny Olona/Ekipa Ifandraisana eo anivon'ny diôsezy no mandinika sy manapaka ny ho endrik'ity fihaonana ity, mba hanatratrarana ny tanjona voalaza teo ambony sy mifanaraka amin'ny zava-misy ao amin'ny diôsezy. (Jereo ny tranon-kalam-pifandraisana raha mila soso-kevitra sy fanazavana fanampiny). Antitranterina hatrany fa faranana amin'ny fankalazana litorjika ny dingana fiomanana eny anivon'ny diôsezy mba hisaorana an'Andriamanitra tamin'ny zavatra rehetra nifampizarana nandritra ny dingana rehetra sy hitsilovan'ny Fanahy Masina ny lalana hizorana. Ny diôsezy tsirairay no mijery ny lafin-javatra hafa hanatanterahany ny fihaonana. Tompon'andraikitra amin'ny fanangonana ny tatitra avy amin'ny dingana fakan-kevitra manerana ny diôsezy ireo Olona Ifandraisana eny anivon'ny Diôsezy. Azo ampahafantarina ny mpandray anjara amin'ny fivoriana amaranana ny dingana eny anivon'ny diôsezy ny tatitra.

**Fahafahana manatanteraka ny fivoriana momba ny Sinaody amin'ny alalan'ny internet na fivoriana mivantana (fivoriana momba ny Sinaody amin'ny alalan'ny internet)**

Mety ho ilaina ary manampy betsaka ny fanaovana fivoriana amin'ny alalan'ny *internet*, na ho an'ny fakan-kevitra eo an-toerana izany na ho an'ny fankalazana ny famaranana ny dingana natao tao amin'ny diôsezy. Samy mety ary samy hahomby avokoa na ny fivoriana mifanatrika mahazatra na ny fivoriana amin'ny alalan'ny *internet*, indrindra manoloana ity valan'aretina maneran-tany COVID-19 ity. Tandremana tsara anefa mba ho ao anaty toe-panahy entanin'ny fivavahana, anaty fiombonana, sy fifampihainoana tsara ary fihainoana ny Fanahy Masina no anantontosàna io endrika fivoriana io. Adidin'ny mpandrindra na mpanentana ny mijery akaiky ny mpandray anjara tsirairay mba hahafahan'izy ireny mandray anjara sy maneho ny heviny, indrindra ireo tsy dia havanana amin'ny fikirakirana ireto fitaovam-pifandraisana vaovao ireto.

**Ny anjara toeran'ny tanora na amin'ny fivoriana mivantana na amin'ny alalan'ny *internet* (fivoriana amin'ny alalan'ny *internet*)**

Manentana ny diôsezy rehetra izahay mba hanome sehatra ny tanora amin'ny famolavolàna sy ny fanatanterahana ireto fivoriana momba ny Sinaody amin'ny alalan'ny *internet* ireto izay mampivelatra ny fomba vaovao hahafahan'ny mpandray anjara rehetra miditra sy mikirakira izany arakaraka ny filàny sy salan-taonany.

Azo ampiasaina tsara ny fitaovana toy ny tambazotran-tserasera, sy ireo vondrona ifanakalozan-kevitra amin'ny *internet* ary ny fifandraisana maoderina hahafahana mifandray amin'olona maro araka izay tratra sy hanangonana ireo valinteny izay halefa any amin'ny Olona/Ekipa Ifandraisana eny anivon'ny Diôsezy. Afaka mitazona anjara toerana lehibe amin'ny famolavolàna sy fanatanterahana izany ny tanora.

## TOVANA E

### FAMOLAVOLANA NY FEHIN-KEVITRA ENY ANIVON'NY DIÔSEZY

Ny fehin-kevitra eny anivon'ny diôsezy no mirakitra ny vokatry ny famantarana ny sitrapon'Andriamanitra nataon'ny Vahoakany manerana ny diôsezy. Antitranterina ny hanaovana izany an-tsoratra, ary tsy mihoatra ny 10 pejy. Azo ampiarahina amin'izany ihany koa ny fitaovana hafa toy ny sary, horonan-tsary, tantara, fampisehoana ara-java-kanto ary fijoroana ho vavolombelona manokana, raha hita fa manampy amin'ny fampisongadinana ny traikefa sy ny fanehoan-kevitra nataon'ny mpandray anjara izany.

Tokony ho hita taratra ao amin'ny fehin-kevitra avy amin'ny diôsezy ny fahasamihafan'ny fomba fijery sy ny fanehoan-kevitra, izay hampisongadina ny traikefa miabo sy miiba niainan'ny mpandray anjara. Tokony tsy hivaona amin'ny fanehoan-kevitra sy ny fandinihana lalina ary ny fifanakalozan-kevitra nataon'ny vahoaka ny fehin-kevitra avoaka, ka hanaovana filazana foto-pampianarana amin'ny ankapobeny. Tsy tokony hesorina tao ny fomba fijery mifanohitra fa raisina sy apetraka araka ny nilazana azy. Tsy misy hevitra tokony havela na inona na inona antony eny fa na dia ny hevitry ny mpandray anjara vitsy an'isa aza. Indraindray tokoa mantsy ny hevitr'ireo izay antsointsika hoe "tatitry ny vitsy an'isa" no mety ho fambara amin'izay tian'Andriamanitra holazaina amin'ny Eglizy.

Mety hanampy anareo amin'ny fandravonana ny votoatin'ny fehin-kevitra ireto fanontaniana manaraka aroso ho soso-kevitra ireto. Ny tanjona dia ny hampitàna araka ny tokony ho izy ny vokatra samihafa, ny fanehoan-kevitra, ny hafaliana sy ireo zavatra nanahirana tamin'ny fiainana ny Sinaody ary ny famantarana ny sitrapon'Andriaamnitra niaraka tamin'ny vahoakan'ny diôsezy:

- Mikasika ny **dingana fanatanterahana** ny fakan-kevitra: inona avy ireo dingana fototra natao tao amin'ny diôsezy? Inona avy ireo fanontaniana fototra napetraka? Inona no natao mba hahazoana mpandray anjara betsaka, araka izay tratra ary nanatonana an'ireo natao ankilabao? Firy eo ho eo ny tahan'ny fandraisan'anjaran'ny olona tamin'ny fomba samihafa teo amin'ny diôsezy? Nisy vondron'olona tena nisongadina ve tamin'ny fandraisany anjara? Nisy vondron'olona tsy nandray anjara noho ny antony manokana ve ?
- Inona ny zavatra tena mavesa-danja tamin'ny **fanatanterahana** ny fakan-kevitra manontolo? Inona avy ireo zavatra tsara sy ratsy, ireo zavatra nahafa-po sy nandiso fanantenana? Ireo toe-panahy sy toe-tsaina ary fihetseham-po nisongadina? Inona ny fifanolanana na fifandirana niseho tamin'ny dingana fihainoana? Inona avy ireo lohahevitra na olana niteraka hevitra samihafa? Inona avy ireo vokatra nentin'ny Fanahy Masina azo tsoahina eto?
- Tamin'ireo **tatitra** avy amin'ny fivoriana teo an-toerana, inona ny zavatra tena nahagaga na tsy nampoizina? Inona avy ireo fomba fijery sy vinavina vaovao misokatra amin'ny hoavy? Inona ny tantara miavaka na andram-piainana tena nanaitra ary nahoana? Inona ny fomba fijery tena nisongadina? Inona ny fomba fijery tsy voaresaka firy kanefa mahaliana sy mendrika horaisina?

- Amin'ny ankapobeny, inona no nitarihan'ny Fanahy Masina ny fiangonana mikasika ny **zava-misy ankehitriny** manoloana ny fiarahan-dia ao amin'ny Eglizy eo an-toerana, ka ao anatin'izany ny hazavana sy ny aloka misy? Inona ny zavatra holazain'ny mpandray anjara mikasika ireo sehatra ilàn'ny Eglizy fanasitranana sy fibebahana, amin'ny fiainam-panahiny, kolontsaina, toe-tsaina, rafitra, fanatanterahana ny asa pastôraly, amin'ny fifandraisana sy ny fanatanterahana ny asa fanirahana ?
- Amin'ny fomba ahoana no itarihan'ny Fanahy Masina ny Eglizy eo an-toerana **hivelarany** amin'ny fiarahan-dia? Inona avy ireo vinavina, faniriana ary hetaheta nasehon'ireo mpandray anjara ho an'ny Eglizy? Araka ny tatitra nataony, inona avy ireo dingana tsapan'ny diôsezy fa iantsoana azy mba hiara-dia bebe kokoa? Inona avy ireo dingana manaraka irosoan'ny diôsezintsika araka ny takian'ny fiarahan-dia, iombonana amin'ny Eglizy manontolo?
- Sary ara-kolontsaina toy inona no maneho ny fiainantsika ny Fiarahan-dia?

Tsara kokoa raha olona vitsy ao anatina ekipa kely no mandrafitra ny fehin-kevitra fa tsy ao anatin'ny fivoriambe. Hiara-miasa amin'ny evekan'ny diôsezy sy ny Olona Ifandraisana eny anivon'ny Diôsezy ity ekipa ity amin'ny fanatanterahana izany. Tokony amin'ny toe-po entanin'ny fivavahana no hamakian'izy ireo ny tatitra rehetra tonga eo aminy. Ary toe-tsaina entanin'ny fiarahan-dia sy handinika ara-panahy no tokony hanentana ny fivorian'ny ekipa, hahafahan'izy ireo mihaino ny feon'ny vahoakan'Andriamanitra velona manerana ny diôsezy eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina.

Azon'ny diôsezy atao ny misafidy ny fotoana hamolavolàna ny fehin-kevitra, na aloha na aorian'ny Fivoriana mialoha ny Sinaody eny anivon'ny Diôsezy, kanefa kendrena mba ho tafiditra ao anatin'ny fehin-kevitra atao ny vokatr'io fivoriana io. Tokony ho tsapan'ny tsirairay, araka izay azo ato, fa tafiditra ao anatin'io fehin-kevitra io ny fanehoan-kevitra nataony. Azon'ny mpikambana ao amin'ny ekipa namolavola ny fehin-kevitra ampahafantarina ny rehetra ny fomba nandravonana ny tatitra voaray mba ho môdely amin'ny fiainana ny mangarahara. Antitranterina mafy ny hamoahana ampahibemaso ity fehin-kevitra ity vantany vao vita, mba ho porofo mivaingana ny amin'ny lalana izoran'ny diôsezy mankany amin'ny fiarahan-dia. Omena fahafahana hamaky sy hanao fanamarihana mikasika ny votoatin'io fehin-kevitra avy amin'ny diôsezy io, araka izay azo atao, ny vahoakan'Andriamanitra alohan'ny handefasana izany any amin'ny Fivondronamben'ny eveka.